# FIJOROANA VAVOLOMBELON'I EMMANUEL Eni NY TSIAMBARATELON'I SATANA

*Ity tantara ity dia mampiseho ny fiainan'ilay mpimasy afrikana iray nikoizana atao hoe « Emmanauel Amos Eni, izay mpikambana ihany koa tao amin'ny Fiangonana kristiana iray  nandritry ny taonamaro.*

## NY FANAFAHANA TAO AMIN'NY HERIN'NY MAIZINA.

Aseho amin'ity tanatra ity ny asan'Andriamanitra, ny asany tapitr'ohatra, mahatalanjona sy mahagaga. Nataoko izany mba ho fankatoavako ny baikon'I Jesosy tamiko: "Mandehana ianao mijoro vavolombelona ny amin'izay nataoko taminao". Amin'ny ankapobeny dia noheverina fa ny zavatra ratsy miseho amin'ny fiainana dia noho ny vintan-dratsy, ary tsy haintsika intsony ny manova na misakana izany. Misy marina izany amin'ny lafiny anankiray. Fa ho an'ny zanak'Andriamanitra, dia efa misy plan'Andriamanitra eo amin'ny fiainany (Ohab 16:9). Ny fahatanterahan'izany dia miankina amin'ireto toe-javatra ireto: ny fiankinantsika tanteraka amin'Andriamanitra, izay heverintsika ho tanjona eo amin'ny fiainantsika, ary ny tontolo ara-tsosialy sy ara-panahy izay iainantsika.

Misy fisehoan-javatra avy ety ivelany mety hanamarika ihany koa ny fizotry ny fiainantsika. Miseho ny fahasahiranana, rehefa atolotsika hoan'ny ratsy na ny tsara ny finiavana ao anatintsika. Afaka mitia isika, nefa afaka mankahala ihany koa. Afaka maniry ny hahazo zavatra iray, ary afaka tsy maniry ihany koa. Ny finiavana hankato no hery lehibe indrindra izay ananan'ny kristiana izay nateraka indray, ary ny finiavana tsy hankato no hery mapandrava fara-tampony hoan'ny mpanota.Raha misy zaza iray avela irery eto ambonin'ny tany, dia efa manjohy azy ny iray amin'ireo hery anankiroa ireo: na ny tsara na ny ratsy, na Andriamanitra na Satàna. Ny tsirairay avy dia tsy maintsy hisedra ny fisian'ireo hery roa ireo eto amin'izao tontolo izao: tsy maintsy hisafidy izy ireo ny fiainana izay tiany. Izany no manamarina ilay teny hoe:"Zaro amin'ny lalana tokony halehany ny zaza, fa na efa antitra aza izy dia tsy hiala amin'izany".Ianao mahalala fa ny olona akaiky sy sarobidy amin'ny fon'ny ankizy dia ny reniny, ny kamboty dia ankizy mihanjahanja eo anatrehan'ny tafik'I satana noho ny ankizy eo anivon'ny Ray aman-dreny. Ny reny dia miantoka ny fiarovana ny vatany sy ny fanahiny ary tena loza roa sosona  ho an'ny ankizy ny fahafatesan'ny ray sy reniny, indrindra raha mifono misitery ny anton'izany fahafatesana izany.

## NY FANDOSIRAKO HO ANY AMIN'NY FIAINANA VAOVAO VOALOHANY

Tamin'izaho 22 taona, tao amin'ny Tanana kely antsoina hoe Amerie Iriegbo Osu Item, ao amin'ny faritra Bende, eo ambany fahefan'ny governemantan'ny fanjakana Imo. Ny Ray amandreniko dia tsy mba isan'ireo mpanankarena fa ny raiko kosa dia nandova tany **42Ha** avy amin'ny dadabeako, fitahiana izay nitarika fahoriana tsy mbola fahita tao amin'ny fianakaviana. Nialona ny raiko ny havana akaiky na ny lavitra noho ny antony izay tsy fantatro, angamba noho ny tany izay lovany. Ankohonana sambatra izahay ary 4 miandahy: Love, Margaret, Emmanuel

sy Chinyere. Rehefa niteraka ny zanany vavy 2 voalohany ny Ray amandreniko dia niandry 14 taona taty aoriana vao nahazo ahy (lahitokana aho), ary avy eo niteraka ny zandriko vavy Chinyere. Izany no nampiaina fitahiana ny ankohonako, saingy tsy naharitra ela izany fahasambarana izany dia nipoitra ny loza voalohany. Maty ilay reniko izay feno fitiavana sy fahalemempanahy. Nolazaina fa mosavy no nahafaty azy. 4 taona taty aoriana dia maty koa ny raiko vokatry ny mosavy natao azy ihany koa. 2 taona taorian'ny nahafatesan'ny Ray amandreniko, ny zokiko vavimatoa Love dia nanjavona. Mifono misitery izany fanjavonana izany, ary I Margaret (vaviaivo) dia lasa adala.Izany no niafaran'ilay fianakaviana sambatra sy tretrika teo aloha. Dia nalefa hotezain'ny dadabe sy Nenibe izaho sy Chinyere anabaviko. Nahavita ny fianarana ambaratonga voalohany aho, ary nalefa nanohy teny amin'ny Kolejy, saingy noho ny tsy fisiam-bola dia voatery nijanona, rehefa nianatra tao nandritry ny telo taona.

Afaka kelikely dia maty ihany koa ireo raibeko sy renibeko. Taorian'ny fandevenanana, dia nisy olona tsy fantatro nandray an'I Chinyere anabaviko, ary dia tsy henoko intsony ny momba azy. Voatery aho niverina, arak'izany tany amin'ny tranon'I Dada sy Neny ary nipetraka irery, tamin'ny faha-13 taonako.

Amin'ny fomba ahona moa no ahafahan'ny zaza iray 13 taona mivelona eo afovoan'ireo fahavalon'ny rainy, izay tsy hafa fa fahavalony ihany koa? Tena nitebiteby fatratra aho manoloana izany. Izany zavatra rehetra izany dia nahatonga ahy nihevitra fa tsy misy antony ny fisiako. Mbola mety misy ve olona mba mihevitra ahy? Misy olona ve mahatsapa ny fahorian'ny tovolohy kely anankiray?

## NY FANDOSIRAKO HO ANY AMIN'NY FIAINANA VAOVAO FAHAROA

Indray andro, nihaona tamin'ny tovolahy iray izay niara-nianatra tamiko tany amin'ny ambaratonga voalohany aho.Chinedum Onwukwe no anarany. Tena tia ahy Chinedum. Reny ny momba ahy sy ny tantarako rehetra. Dia nolazainy tamin'ny ray aman-dreniny aho ary nampahafantariny azy ireo, koa dia noraisny tamim-pitiavana ahy nipetraka tao amin'izy ireo. Voakarakara tsara aho arak'izany, tahaka ny zanakalahin'izy ireo faharoa. Dia niverina tamin'ny laoniny indray ny fiainako, ary nahatsiaro sambatra aho. Nanjary nahafantra aho fa ny Andriamanitra nivavahan'ny reniko fony fahavelony dia misy tokoa fa tsy vazivazy, satria nomeny ray aman-dreny vaovao indray aho. Izany no zavatra tsapako, saingy, afaka roa taona, nanafika indray Satana.

Raha nandeha fiara ho any Umahia I Chinedum sy ny ray aman-dreniny, dia nifandona tamin'ny fiarabe mpitatitra tany iray ny fiarakodian'izy ireo, ary dia maty tsy tra-drano tamin'izany Chinedum sy ny ray aman-dreniny. Torana aho rehefa naheno izany vaovao ratsy izany. Tsy azo visavisaina ny havesatry alaheloko. Afaka nikarakara sy nifanampy tamin'ny fikarakarana ny fandevenana ihany aho, nandeha niantsena sy naka kitay hikarakarana sakafo.

Niverina tany amin'ny tranon'ny raiko indray aho, nanao izay hamelomako ny tenako tamin'ny asa mafy tamin'izany fotoana izany.

Indray andro anefa, nisy lehilahy iray nitarika ahy hiasa tao aminy, tamin'ny karama varimasaka. Nametrahany fanontaniana be dia be aho, ary nagatahiny aho hanoro ny tanin'I dadanay. Dia nambarany fa ny karamako miasa ho azy dia ny sakafo hariva ihany. Ataon'ny zazalahy 15 taona ahoana moa ny hahalala ny tanin-drainy? Nolaviko tanteraka ny fangatahany ary dia nahatezitra azy fatratra izany. Dia nianiana izy fa hamono ahy any anaty ala. Natahotra aho, nandositra ary niantso vonjy, saingy tsy nisy olona naheno, satria tany amin'ny toerana faran'izay

lavitra izahay. Tsy nisy afa-tsy Andriamanitra no namonjy ahy. Nanejika ahy tamin'ny antsy ilay olona, saingy noho izaho tao anatin'ny fahatanorako, dia nandeha mafy lavitra noho izy aho. Nianjera tao anatin'ny lavaka iray eo amin'ny 1,80 m teo ho eo aho, ary voatakon'ny bozaka tao, dia tsy hitan'ilay lehilahy.Nitady ahy izy, saingy tsy nahita, ary dia lasa nandeha. Niala tao anaty lavaka aho rehefa afaka kelikely dia niverina tany an-tanàna tamin'ny lalana hafa. Notantaraiko tamin'ny ray aman-dreny tao an-tanàna ny zava-nitranga saingy tsy nisy niraharaha aho. Izany no fahorian'ny zaza kamboty.

## NY FANDOSIRAKO HANANA FIAINANA VAOVAO FAHATELO

Io zava-niseho io dia niteraka fankahalana tanteraka tao am-poko: tsy misy olona tia ahy, tsy mba misy mieritreritra ahy. Tsy azoko mihitsy hoe nahoana aho no tadiavina ho vonoina, nefa izaho dia kamboty. Feno fijaliana ny fiainako. Fantatro ankehitriny fa Andriamanitra, noho ny fitiavany no nanakana an'I Satàna.

Dia nitodika tany amin'ny Fiangonana aho, ary dia tonga mpikambana feno tao amin'ny Fiangonana iray tao an-tanàna. Indrisy anefa fa tsy nisy olona nikarakara ahy, na dia nisy mpikambana sasany tao aza nahafantatra ahy tsara. Tokony ho nataony ho zava-dehibe ny maha-isan'ny Fiangonana ahy na dia tsy mbola nahalala an'I Kristy aza aho.

Tsy mbola fantatro mihitsy izany hoe nateraka indray. Raha tonga ao amin'ny Fiangonan'I Jesosy Krity eo amin'ny toerana misy anareo ianareo, ka tratry ny zavatra nahazo ahy, dia atolory hoan'I Jesosy Kristy ny fiainanareo araka ny Tenin'ny Soratra Masina hoe: “Apetraho aminy ny fanahianareo rehetra, fa Izy no hiahy anareo” (I Petera 5:7).

Teo anivon'izany fijaliana sy fitsapana rehetra izany no nisehoan'ny tovovavy iray atao hoe Alice, izay ankizivavy efa fantatro satria mpiara-mianatra tamiko tany amin'ny Sekoly ambaratonga voalohany. Zokiko dimy taona izy ary lasa tena mpinamana tokoa izahay.

Nandritr'izany fitia fahazaza izany, dia nifanome toky izahay fa hivady rehefa lehibe, Hadalana anie izany e! Ankizilahy kely 11 taona, hanambady ankizivavy zokiny 5 taona?

Taoriana kelin'izay, dia lasa tany Akure hanohy ny fianarana any amin'ny ambaratonga faharoa I Alice, ary dia nandefa taratasim-pitiavana amam-polony avy any izy.  Rehefa nihaona indray izahay, efa 20 taona ary izaho 15 taona. Nahavita ny fianarany ambaratonga faharoa izy ary niasa tao amin'ny Banky iray atao hoa Standard Bank, tao Lagos, izay nisy an'ireo ray aman-dreniny.

Fantatr'I Alice tsara ny zavatra nihatra tamiko teo amin'ny fiainako. Nandresy lahatra ahy izy hanaraka azy any Lagos, nanome ny adiresiny ary nandefa vola 5 naira (vola nigeriana). Volabe izany amin'ny tovolahy kely vao 15 taona izay tsy mahazo afa-tsy 2 naira isan'andro, tahaka ny mana avy any an-danitra. Dikan'izany, Lagos amiko dia toerana mahafinaritra, be vola, ary ahitana fiainana. Nanapa-kevitra aho arak'izany fa ho any amin'io tanan-dehibe io mba hahazo vola sy harena. Araka ny hevitro, ny fandehanana any Lagos dia fomba iray ahazoako mandositra ny fahavalon'ny raiko, ny hanoanana sy ny olana rehetra, ary izay zavatra rehetra noheveriko fa ratsy teo amin'ny fiainako.

## NY FANOMBOHANA

"Misy ny lalana izay heverin'ny olona fa tsara nefa lalana mankanay amin'ny fahaverezana" (Ohab 14:12). "Fa ny rasty fanahy dia tahaka ny ranomasina misamboaravoara, eny tsy mety tafatoetra izy, ka ny ranony dia mamoaka loto sy fotaka, tsy misy fiadanana hoan'ny ratsy fanahy, hoy Andriamanitra" (Isaia 57: 20,21).

Ny fiainana tsy manana an'I Kristy dia voafaritr'io andininy mazava tsara io. Niala teo amin'ny tanana nisy ahy aho niaraka tamin'ny vola 50 naira ary nivantana tany amin'ny adiresy nomen'I Alice ahy. Nihazakazaka aho araka izany ho any amin'ny fahafahana, filibàna; ny fahafinaretana, sy izay rehetra manodidina izany. Nefa ho hitanareo amin'ny manaraka, fa tsy arakarak'izay zavatra noheveriko no hiseho aty aoriana.

Rehefa tonga tao Lagos aho, dia nahafinaritra ny masoko ny zavatra rehetra, ary noheveriko fa izany angamba no paradisa. Hitako ny trano lehibe maro, ary hitako eny amin'ny endriky ny olona ny fahasambarana (araka izay ninoako). Ny olona tsirairay avy dia toa samy sahirana be ihany, izaho kosa, nihevitra fa tena olona afaka, tsy voateritery intsony.

Tonga tao Akintola Road, tao amin'ny Nosy Victoria aho ary noraisn'I Alice sy ny ray aman-dreniny tsara. Fantatr'izy ireo tsara aho ary mahalala ny tantarako izy ireo satria iray tanindrazana izahay. Fa tsy fantar'izy ireo kosa ny fifandraisako amin'ny zanany. Dia nampahafantarin'ny zanany azy ireo, fa izaho no nofidiny ho vadiny. Taitra tamin'izany ireo ray aman-dreny, saingy rehefa niresaka tsara tamin'ny zananivavy izy ireo, dia nifanaraka ary nanaiky, fa saingy tsy maintsy mbola hotohizana ny fanabeazana ahy. Tsy neken'I Alice anefa izany hevitry ny ray aman-dreniny izany, fa nitaky izy ny hiara-mipetraka amiko amin'ny efitranony manokana. Tsy nanaiky izany ny ray aman-dreniny, fa izy kosa nisisika mafy. Nandritry ny efatra andro dia niady hevitra ny amin'izany izy ireo, ary farany nanaiky ihany ny ray aman-dreniny ary dia niara-nipetraka tamin'I Alice ihany aho nony farany.

Alice dia tovovavy tsara tarehy, mpiasa contable tao amin'ny Banky. Nilaza izy fa hataony mpanan-karena aho, ary vonona izy hanome ahy izay zavatra ilaiko eo amin'ny fiainana. Nilaza izy fa tsy misy zavatra ataonao afa-tsy ny mipetraka fotsiny sy ny milalao".

Raha ny fomba fijeriko amin'ny anakapobeny, mahafinaritra tokoa I Lagos. Taloha aho nipetraka tao amin'ny trano bongo kely, tao anatin'ny fankahalàna sy ny fijaliana ary ny hanoanana. Izao kosa aho mipetraka aty an-tanan-dehibe, miaraka amin'ny efitrano feno fanaka, ary manambady tsara tarehy, izay nampanantena ahy izay zavatra rehetra ilaiko eo amin'ny fiainana. Nototofany fanomezana aho, vola, akanjo, fitiavana, sns…

Tsy nieritreritra mihitsy aho hahita zavatra tsara tahaka izany. Ny devoly dia tena mpamitaka tokoa. Hoy ny Soratra Masina:" Ny mpangalatra dia tsy avy raha tsy hangalatra sy hamono ary handringana, izaho avy mba hananany fiainana sady hananay be dia be" (Jao 10:10).

Ry mpamaky malala, ny devoly dia tsy manome zavatra maimaimpoana na oviana na oviana. Ny zavatra omeny antsika rehetra dia takalon'ny fanahintsika. Izany fahasambarana izany dia toa vetivety ihany, satria afaka telo volana dia nisy zavatra hafahafa niseho.

## DINGANA FAHAROA

### Zava-niseho tsy takatry ny saina

Indray alina, raha tsy natory aho, dia akory ny hatairako fa nisy BIBILAVA BE atao hoe Boa constrictor teo am-pandrinako, teo akaikiko. Te hikiakiaka aho fa saingy tsy afaka. Nisy fotoana, tamin'ny alina nahitako ny vatan'I Alice miova ho toy ny plastika mamirapiratra. Misy fotoana izy, manjavona tsy hitako, misy fotoana indray izay miseho. Amin'ny alina hafa indray, maheno feo hafahafa aho, misy oloa mandihy ao amin'ny salon, sns…Tsy zakako intsony ny miaina amin'ny zavatra hafahafa izany. Nanapa-kevitra ary aho ny hanontany an'I Alice. Tezitra be mihitsy izy vao nanontany azy aho ary nampitandrina ahy mafy. Hoy izy: "Aza mametraka izany fanontaniana izany amiko intsony raha tsy te-hahita raharaha amiko ianao".

Fantatro ary fa tena eo am-bava loza ny aiko. Naleoko ihany nijaly tany an-tanana nisy ahy, toy izay hiaina ny zavatra hitako ankehitriny. Nanjary natahotra an'I Alice aho. Lasa ny roa andro, niverina tamin'ny tsikitsiky izy, nitondra fanomezana, dia namihina ahy teo an-tratrany. Dia nilaza izy fa tena tiany ahy ary te-hikarakara ahy fatratra izy. Dia nampahery ahy izy fa tsy hampitahotra ahy ary nampanantena fa hazavainy azmiko ny zavatra rehetra aoriana kely. Dia nentiny tany amin'ny "Night Club" na trano fandihizana aho, ary dia nampanantena ahy izy fa hataony mpanan-karena aho. Hoy izy: "INDRAY ANDRO ANY, HO FANTATRAO KOA NY ZAVATRA FANTATRO".

Dia nandeha nody izahay, ary dia nandeha tahaka ny tsy nisy na inona na inona indray ny fiainana, nefa fantratro fa tandidomin-doza ny fiainako. Nefa ahoana no hahafahana mandositra, ary aiza no handosirana? Tiako ny manamarika fa ny ray aman-drenin'I Alice dia tsy mahalala na oviana na oviana fa tafiditra ao amin'ny asan'ny maizina ny zanany. Noferany mafy aho mba tsy hilaza izany zavatra izany amin'ny ray aman-dreniny raha mbola tiako ny ho velona.

Ry mpamaky malala, azonao eritreretina ve, tovovavy tsara tarehy, mpiasan'ny banky, manana ny maha-izy azy ary mbola tanora kely 20 taona, nefa dia miaramilan'I Satàna? Be dia be ny tovovavy tahaka an'I Alice amin'izao fotoana izao, arakaraka ny hirosoako amin'ny fijoroana vavolombelona no hahitanao izany.

### Zava-mahatsiravina hitako

Indray andro, rehefa lasa niasa izy, dia tapa-kevitra aho fa hisava ny efi-trano. Mbola tanora izy, fa ny efitrano kosa dia efa feno fanaka sahady.  Manana vata fampangatsiahana efatra izy. Nosokafako ny ananakiray amin'ireo ary nahita karandohan'olona tao aho, ary henan'olona, maina sy mbola lena. Nahita ihany koa aho karana na taolam-paty tao ambadiky ny plafond. Tao amin'ny zoro-trano iray koa, dia nahita aho vase anankiray feno ra, misy hazo kely maniry, ary eo akaikiny misy koveta sy lamba feno ra. Tsy sahy nanohy intsony ny fikarohana aho.

Teo dia fantaro fa efa olona maty aho ankehitriny. Koa satria tsy fantatro hoe aiza aho no handositra, dia nofoanako tao an-tsaina ny hihevitra izay zavatra hitranga aoriana, na fiainana na fahafatesana, dia nanapa-kevitra aho ny hangina. Rehefa tonga avy niasa I Alice, dia hitako tamin'ny fomba fijeriny, fa nahafantra izy ny zavatra nataoko.

## NY FIHAONAKO TAMIN'NY ASAN'NY MAIZINA

Ny ampitson'iny dia nitaona ahy I Alice mba handeha any amin'ny fivoriana anankiray. Izaho moa dia tahaka ny efa lasan-ko babo, ary tsy manan-tsafidy intsony. Dia tonga tany amin'ny trano lehibe iray any ivelan'ny tananan'I Lagos izahay. Misy efitrano iray fivoriana any ambanin'ny tany io trano lehibe io. Rehefa tonga tao, dia tsy maintsy manao dia mianoatra na marche arrière, dia nanaiky izany aho ahy ary nandeha. Lehibe ilay efitrano ary lehilahy sy vehivavy eo amin'ny 500 eo ho eo no manatrika ny fivoriana. Misy olona kosa mipetraka amin'ny toerana avo indrindra, izay tsy hita ny vatana fa ny lohany fotsiny no tazana, ary io no lehiben'izy ireo. Ny sasany amin'ireo olona ireo dia mbola mpianatra, any amin'ny dingana voalohany, na dingana faharoa, misy koa ny mpampianatra, sns…Nanindry bokotra amin'ny rindrina iray I Alice, ary dia nisy seza nipoitra avy ao ambany, ary dia nipetraka aho. Dia toy izany koa, nanapotsitra bokotra iray koa izy, dia nisy seza ihany koa, ary dia nipetraka ihany koa izy. Dia nampahafantariny tamin'ny olona rehetra fa izaho dia mpikambana vaovao, ary dia nitehaka izy rehetra, sady niarahaba ny fahatongavako. Noho izany zavatra izany, dia nahazo valisoa I Alice. Tsy nisy zavatra azoko ny zavatra nodinihin'izy ireo nandritry ny fivoriana. Rehefa hifarana ny fivoriana, ka handeha izahay, ilay Lehibe dia niteny tamiko mba hiverina irery ny ampitso. Izany no fihaonako voalohany tao amin'ny tontolon'ny aizina.

Ny alin'iio andro io, tokony ho tamin'ny roa ora maraina, dia nofohazin'I Alice aho (io no ora mahazatra fivorian'ireo herin'ny maizina sy ny miaramilany, mba hanatanterahany ny paik'adiny mampidi-doza), ary dia naneho ahy zavatra tsy mbola fahita. Dia niteny izy: **"Izaho dia tsy tahaka ny olombelona rehetra akory. Ny tapako dia olombelona, ary ny tapako dia fanahy. Izay hitanao ao amin'ny efi-tranoko, dia ireo zavatra ampiasaiko amin'ny vavaka izay ataoko isa-maraina, mba hahafahan'ny fanahy mitarika ahy amin'ny antoandro tontolo. Ny amin'ireo karana na taolam-paty indray, dia ho lazaiko anao amin'ny manaraka".**

Tsy niteny aho na indraim-bava aza. Dia nanome ahy boky vitsivitsy izy mirakitra ny zava-miafina eto amin'izao tontolo izao, mba ho vakiako. Dia novakiako tokoa izy ireny, ary tao anatin'ny fotoana fohy dia liana tokoa aho. Rehefa hitany ary fa liana tamin'izany aho, dia nalefany antsokosoko ary nataony tsy fantatro tany amin'ny Fikambanana miafina iray tany Inde ny anarako. Ny ampitson'iny, araka ny baiko azoko, dia niverina irery namonjy ny fivoriana aho.Nihaona tamin'ny olona 9 aho, sy vavolombelona vitsivitsy. Dia tsy maintsy nofanina voalohany izahay. Natao teo afovoan'ny efitrano iray izahay, ary dia nomena ireto zavatra ireto:

**1- Nisy zavatra nahosotra tahaka ny mastika tamin'ny vatana. Io no marika izany fa mpikambana feno izahay.**

**2- Dia nampisotroina zavatra tahaka ny menaka koa avy eo, io no manambara fa miaramila izahay izao.**

**3- Dia nohosorana vovoka zavatra indray ny loha. Io indray dia mahatonga anay hianatra ny ZAVA-MIAFINA.**

Ny zavatra tsy fantatro, hay io fotoana sy zava-nitranga io dia tsy nisy niafina tany Inde, ary ny ampitson'io aho dia nahazo taratasy avy amin'izy ireo. Dia nambaran'izy ireo fa tokony hasiana tombo-kase avy amin'ny rako ilay taratasy, ary dia haverina any amin'izy ireo amin'ny fomba izay nampahafantariny ahy, fa tsy amin'ny alalan'ny Poste. Dia nataoko izany, ary fanatro fa tonga amin'ny kihon-dalana izay tsy

hahafahako miverina intsony aho. Ny fiverenana ilalalana dia fantatro fa fahafatesana, ary nambara ahy foana izany, ary hitako fa tsy misy fanantenàna intsony ny amiko.

## NY DINGANA FAHATELO

## Ny fanekena natao tamin'I Alice

Indray maraina, dia nilaza tamiko izy fa hisy zava-dehibe ho tanterahina ao an-trano. Tamin'ny roa ora maraina, dia nisy zazavavy kely nentiny tao an-trano. Teo anatrehako ary teo imasoko, dia nosokiriny tamin'ny tanany ny mason'ilay zazavavy ary nesoriny. Nampitriatra ny foko ny kiakiak'ilay zaza. Dia novonoiny ilay zaza avy eo ary notetitetehiny. Dia nataony teo amin'ny vilia ny ra sy ny nofon'ilay zaza ary dia noteneniny ahy hihinana. Nandà izany aho. Fa rehefa nandinika ny masony aho, tsy azoko visavisaina ny zavatra tsikaritro ary midika zavatra be dia be izany. Tsy hoe nihinana ny hena ihany aho nony avy eo, fa nilelaka ny ra ihany koa. Dia hoy izy: **"Izao no fanekena eo amiko sy aminao. Tsy hilaza na inona na inona amin'ny olombelona ianao ny amin'ny zavatra ataoko na ny momba ahy. Amin'ny andro izay ivadihanao amin'ny fanekena, dia izay no vita ny aminao".**

Indray andro, dia nandeha nivoaka aho ary nohidiako tsara ny trano. Rehefa niverina anefa aho, ka namoha ny varavarana, indro lehilahy iray no hitako mipetraka ao amin'ny salon. Natahotra aho. Niteny tamiko izy:"Ianao ve no Emmanuel Amos? Eny, hoy aho! "Nirahina aho hoy izy mba hitondra anao any Inde, koa dia miomàna ianao". Dia nidiko tamin'ny lakile avokoa ny varavarana ary nipetraka teo akakikiny aho mba handray ny toro-marika sy ny baiko rehetra. **Haingana tahaka ny tselatra, nokasihiny fotsiny aho, dia nanjavona izahay. Ary poa toa izay dia efa eo amin'ny efitrano fivoriana lehibe iray any Dahil any Inde aho**, teo afovoan'ny olona marobe izay mivory ary efa miandry anay. Dia nisy taratasy maro nentina teo. Ny anarako dia efa voasoratra teo, ary nangatahina aho mba hanao Sonia. Dia nataoko izany. Dia nentina vilia lehibe iray misy henan'olona sy koveta iray feno ra. Dia nomena zavatra ny tsirairay avy ary ilay olona tsy nisy lohany nametraka ny hena sy ny ran'olona tao amin'io zavatra io hoan'ny tsirairay. Dia nandoro ihany koa ditin-kazo manitra tamin'io fotoana io. Dia nihinana ny nofo sy nisotro ny ra ny rehetra avy eo, ary dia nirava ny fivoriana.

## DINGANA FAHAEFATRA TANY INDE

Tonga ny fotoana tsy maintsy hitsapana ahy ahy ary tsy maintsy miaritra aho. Dia nalefa tany amin'ny LOHASAHA eo amin'ny 200 metatra eo ho eon y halalliny aho. Feno biby masiaka sy bibilava tao izay tsy maintsy hampijaly ahy. Tsy mahazo mkiaka ahy na kely aza, ary raha toa tsy mahomby aho, dia tsy maintsy ny fahafatesana no miandry. Rehefa afaka fito andro nijaliana sy fadiranovana aho, dia navoaka tao aho ary nalefa tany amin'ny aty alan'I Inde, ary nahitako ny karazam-borona demoniaka rehetra. Demoniaka izy ireo satria ny sasany dia alika ny lohany, ny sasany saka, sns…kanefa manana elatra. Tao amin'io ala io dia nisy zohy, ary ireo vorona ireo ihany no afaka mamoha io lava-bato io. Dia nosokafany ny zohy, ary niditra aho. Tsy hitako izay fomba hilazana ny zavatra hitako. Misy zava-boahary mampatahotra sy mahatsiravina tao. Ny sasany dia tahaka ny olombelona ihany, saingy misy rambony, tsy misy tarehy ny sasany. Toerana fampijaliana ihany koa io. Tena afobe no fahitako azy fa tsy fampijaliana fotsiny. Nandritry ny 7 andro no tsy maintsy nipetraka tao, ary dia navoaka avy eo. Dia

nentina tao amin'ny trano fitehirizam-boky na Bibliotheque iray aho izay feno boky be dia be misy zava-miafina. Dia nifidy boky anankiroa aho. Ny iray dia mitondra ny lohateny hoe: **"Abbyssinie, izay midika hoe "fandravana"**, ny iray kosa nantsoina hoe **"Assynie" izay midika hoe manome fiainana.** Taty aoriana, dia nomena boky hafa ihany koa aho. Rehefa miverina any any Nigeria aho dia notenenina mba hanomana efitrano iray asiana ireto zavatra ireto:**"Vazy iray, feno ran'olona, ary hazo maniry iray. Karan-dohan'olona iray, volona voro-mahery, hoditra bibidia, hoditra bibilava, ary tany mangirana apetraka eo akaikin'ny vazy".**
Tsy maintsy misotro ra isa-maraina avy eo amin'io vazy io, ary manonona teny. Nahazo baiko aho fa tsy mahazo mihinana intsony sakafo karakarain'ny tanan'olomnelona, satria ny sakafo hohaniko izao, dia sakafo ara-panahy. Rehefa nahazo izany toro-marika rehetra izany aho, dia niverina tany Nigeria, ary nankatoaviko tsara izay zavatra nangatahina tamiko.

Rehefa niverina tany Nigeria aho, dia nahatsapa fa izaho izao dia tena mpikambana ao anatin'ny tontolo tsy hita maso. Afaka mivezivezy amin'ny toerana na firenena rehetra eto amin'izao tontolo izao aho, amin'ny toerana izay tiako. Araka ny boky izay nentiko, dia be dia be ny fanahy izay velona eny amin'ny habakabaka. Izy ireo dia mety hampitombo ny fahaizako sy ny tanjako ary ny fahefako, ary dia nanadrana izany aho. Nivoaka ny trano aho, nisy teny noteneniko vitsivitsy, niantso ny rivotra mahery aho, ary dia nanjavona avy eo. Dia tonga teny amin'ny habakabaka aho, dia hitako ireo zava-boahary ara-panahy. Dia nanontany ahy izy ireo izay zavatra tiako sy iriko. Dia niteny aho fa mila fahefàna aho. Dia niverina tety an-tany aho, tapa-bolana taty aoriana niaraka tamin'ny fahefàna na pouvoir avy amin'izy ireo. Na dia efa nanana izany aza aho, dia mbola te-hanana foana.

Nanapa-kevitra indray aho fa ho any ambanin'ny tany, mba hahafantatra marina izay lazain'ny boky izay nomena ahy. Indray andro dia nandeha tany amin'ny toerana iray tany hay aho, any ambanivohitra, dia nanonona teny voalaza tao amin'ny boky aho, ary dia niteny tamin'ny tany aho mba hisokatra. Dia nisokatra tokoa ny tany, ary indreo devoly nanamboatra tohatra idinana any. Dia nidina tany aho ary tonga tany afovoan'ny tany ambany any. Aizina tanteraka no any, ary izany angamba ilay aizina tany Egypta fahiny. Dia nahita zavatra tsy azo hazavaina aho. Hitako olona maro voafatotry ny gadra, ireo olona ireo dia noterena hanamboatra vola hoan'ireo izay nanagadra azy, andro aman'alina. Hitako ireo mpitarika Fikambanana miafina, izay vao avy nanao sorona, ary dia miverina eny ambonin'ny tany miaraka amin'ny fanomezana izay vao azon'izy ireo, avy amin'ny fanahy ao ambanin'ny tany. **Dia hitako ihany koa MPITONDRA FIANGONANA SASANY, nahazo fahefàna avy ao, fahefana hiteny sy hanambara zavatra tsy araka ny tokony ho izy any am-piangonana.** Nitoetra tao tapa-bola ihany koa aho, rehefa nahazo fahefàna na pouvoirs be dia be. Raha ny olona mijery ahy, dia olona tsotra be sy tsy mahalala na inona na inona, nefa hay aho olona mampidi-doza. Be dia be olona tahaka izany manodidina antsika, fa tandremo. Ireo izay ao amin'I Jesosy Kristy ihany no hanana filaminana.

## NY DINGANA FAHADIMY

### Ny fanekena natao tamin'ny mpanjakavavin'ny rano

Indray andro, dia nanapa-kevitra ny hitsangatsangana aho. Teo amin'ny fiantsonan'ny bus tao Ebute Metta, dia nahita vehivavy tsara tarehy aho nijoro teo. Tsy niresaka taminy akory aho. Ny ampitson'iny, dia mbola hitako teo amin'io toerana io ihany izy, ary dia nantsoiny aho rehefa nandalo izy. Nijanona aho, ary niteny taminy aho fa Emmanuel Amos no anarako, fa izy kosa dia tsy nety nilaza ny momba azy, fa nihomehy fotsiny ihany. Dia nanotaniany ahy ny trano fonenako, fa tsy nomeko azy ny adiresy fa ny anaran'ny Lalana na Rue ihany. Dia niomana ny handeha aho, saingy niteny tamiko izy fa ho avy hamangy ahy indray andro any. Dia nieritreritra aho tao anatiko hoe, aiza no fomba hahatongavanay any amiko satria tsy nanome azy ny lot trano aho fa ny anaran'ny lalana ihany? Fa nitana ny teniny izy. Herinandro taorian'ny resaka nataonay, dia nahare olona nandondona tao am-baravarana aho. Dia niarahaba azy tonga soa aho. Dia niteny tao anatiko aho, mba iza moa ity vehivavy tsara tarehy ity, ary raha fantany moa fa midi-kizo sy mitady loza izy! Dia niresaka maharitra izahay ary dia lasa izy rehefa avy eo. Taorian'izay fitsidihany voalohany izay, dia niverina matetika izy ary ara-potoana hatrany, kanefa ny fiarahanay dia tsy nisy zavatra hafa akory. Nomarihiko fa ny fahatongavany dia amin'ny fotana maty paika sy marina foana. Tsy tara na mihoatra na dia 1 minitra aza ny fotoana lazainy.Tamin'ny fahatongavany sasany, dia nentiko tany amin'ny Hotely izy. Nandritr'izany fotoana izany anefa, dia tsy nilaza ny anarany na oviana na oviana izy. Dia tsy nitebiteby aho, satria ny fiarahanay dia tsy niditra lalina loatra, ka tsy nampanahy. Nahazo baiko aho mantsy ny tsy hikasika io vehivavy io, na oviana na oviana.

Tampotampoka anefa, novany ny ora famangiany ahy ary nataony tamin'ny alina. Dia niaraka izahay tamin'io alina io, ary rehefa maraina tamin'ny 8 ora dia naira-nivoaka. Nandray bus izahay, ary dia notenenіny ny mpamily mba hijanona eo akaikin'ny tora-pasika izahay. Nijaona izahay ary nanontany azy hoe: "Fa ho aiza isika?" Dia namely izy "AZA MATAHOTRA IANAO, HO FANTRAO NY TOERANA MISY AHY". Dia nentiny teo amin'ny toerana kely teo amion'ny plage aho, ary dia noraisiny zavatra tahaka ny fehikibo, ary dia nafatony taminay. Dia nisy hery nitsoka anay ary nanosika anay nankany amin'ny ranomasina. Dia nanomboka izahay nanidina teny ambonin'ny ranomasina, ary avy eo nisitrika tany anaty rano lalina tany. Ry mpamaky malala, izany zavatra izany anie dia niseho tamin'izao vatako maha-olombelona ahy izao e! Tamin'ny fotoana sasany, dia niditra tany amin'ny fanambanin'ny ranomasina izahay, ary gaga aho fa toa nandeha tamin'ny lalana tsara tarehy. Dia tonga ihany koa tao amin'ny Tanana iray izay be olona, sady olona samy revo amin'ny raharahany avokoa.

### Ny tontolo ara-panahy

Dia nahita laboratoire na trano fanaovana fikarohana aho, siantifika, fikarakarana ny endrika amam-bika, fikarohana momban'ny indostria, ary cinema. Ery am-pitan'ny tanàna, hitako tovovavy sy tovolahy tsara tarehy. Tsy mahita olona antitra aho. Ilay MAdama nitondra ahy dia nampahafantra ahy tamin'dry zareo ary dia nirary soa ny fahatongavako izy ireo. Dia nitondra ahy tao amin'ny antsoina hoe : "efi-trano mainty na chambre noire izy", izay misy efitrano fanamainana (salle de séchage) sy "efitrano fanamboarana" na (salle d'emballage). Dia notarihiny aho tao amin'ny usine anankiray lehibe ary tao amin'ny efitrano fitehirizana na stockage. Dia niverina izahay nankao amin'ny efitranony manokana.

Dia nasainy nipetraka aho ary niteny ahy izy:**“Izaho hoy izy no mpanjakavavin’ny morontsiraka ary te-hiara-miasa aminao aho. Manome toky anao aho fa hahazo fitahiana be ianao, sy izay rehetra tianao, ny fiarovana sy ny momba azy rehetra, ny fiainana ary anjely hitarika anao”.**Dia nanindry bokotra iray izy, dia indro tonga vilia misy henan’olona sy ran’olona. Dia naira-nihinana izahay. Tamin’ny alalan’ny baiko, dia nisy bibilava be tonga teo (boa), ary dia niangavy ahy mba hitelina io bibilava io. Tsy ho vitako izany, saingy nisisika ihany izy, ary nampiasa ny fahefànay, dia voateliko ilay bibilava be.

Ny hena sy ny ran’olona, ny boa sy ny anjely mpiambina, dia miantoka ny tsiambaratelo tsy ho tafavoaka. Nefa koa ny anjely dia manana fahefàna hanitsy sy hanafay ahy, raha toa ka mitady hiala aho, ary afaka mitondra sakafo ho ahy ihany koa avy any an-dranomasina ho any ambonin’ny tany amin’ny fotoana rehetra. Dia nanome toky azy aho fa hankato azy.

Taorian’izany fampanantenàna izany, dia nitondra ahy tany amin’ny Nosy iray izy. Dia nisy hazo tao ary ireto avy no asan’ny hazo: hazo fanapoizinana, hazo famonoana, hazo fitalahoana, hazo fanasitranana.  Dia nomeny fahefàna hahazo hiova biby samihafa izay monina any anaty rano aho, toy ny hippopotami, boa, voay, ary dia nanjavona izy rehefa avy eo. Nijanona tany anaty rano nandritry ny herinandro aho, ary dia niverina tety ambonin’ny tany, tamin’ny fiovàna ho voay.

## NY FANAZARANA FAHA 6

## Ny toeram-pikarohana any ambanin’ny tany

Nipetraka herinandro tao Lagos aho, hoy I Emmanuel, dia niverina indray tany an-dranomasina, ary tamin’ity indray mitoraka ity dia nijanona tany roa volana. Dia nitsidika ny toeram-pikarohana siantifika ahitako izay zavatra misy any. Dia nahita ireo mpitsabo ara-tsaina sy mpanao siansa izay tena miasa dia miasa fatratra aho. Ny asan’ireo manam-pahaizana ireo dia ny fanambaoarana zava-baovao, fiarakodia raitra, fitaovam-piadiana ari-fomba, sns…, ary ihany koa mikaroka ny momba ny zava-miafin’izao tontolo izao.

Raha azon’izy ireo natao ny nahafantatra ny andrin’ny tany sy izay misy izany, dia ho nataony tokoa, saingy Andriamanitra irery ihany no mahafantatra izany. Nitsidika ireo toerana fanaovana ny vokatry ny indostria aho, dia nahita santionana akanjo marobe, ranomanitra ary ireo kojakoja fanao amin’ny endrika amam-bika.

Araka ny planin’I Losifera; ireny zavatra rehetra ireny dia nataony mba hiambohon’ny olona amin’Andriamanitra, ka hifantohany amin’ny zavatry ny tany. Hitako ihany karazana fitaovana elektronika toy ny solosaina sy fitaovana fanairana (alarme). DIA HITAKO KOA FA NISYFAHITALAVITRA IRAY(TELEVISION) IZAY NAHITANA NY KRISTIANA NIOVA FO REHETRA MANERANA IZAO TONTOLO IZAO; AMIN’IO NO AHALALALNA IZAY TENA KRISTIANA MARINA SY IZAY MANDEHA ARAKA NY FOMBA IHANY. Dia niala tao amin’ny laboratoara aho dia nifindra tao amin’ny efitrano MAIZINA SY NY EFTRANO  fanamainana (chamber noire et chamber de séchage). Ny efitrano mainty na efitrano maizina dia toerana famonoana ireo izay tsy mankato na mivadika. Vonoana ilay olona amin’ny alalan’ny fandatsahana tanteraka ny rany rehetra. Dia alefa ao anaty ny laboratoara iray iny vatana iny, dia avadika ho vovoka, dia atao amin’ny sachet kely, dia omena ny mpamosavy mba hanaovany ody sy mosavy.  Be dia be ny zavatra hitako, izay sarotra ny manazava azy an-tsoratra. Na dia eo aza ny

fahefàna izay ananako, dia mbola tsy hahafahako mihaona amin'I Losifera izany. Mpiasany ihany aloha no toerana misy ahy hatramin'izao. Na izany aza, dia efa nahatsiaro sambatra aho nanana ireo fahefàna ahafahako sahady misedra zavatra maro, maneho ny maha izaho ahy. Mifaninana amin'ny hafa sy mandrava mihitsy izay tiako horavàna. Fa mbola nieritreritra sao dia mbola misy fahefana ihany koa mbola tokony hananako.

## NY FANJAKAN'NY AIZINA

"Ny mpangalatra tsy avy raha tsy hangalatra, Izaho avy mba ananany fiainana sady ananany be dia be" Jao 10:10. Rehefa tafaverina tao Lagos aho, dia nifantoka tamin'ny asako aho dia ny fanaovana affaire izany. Rehefa afaka tapa-bolana, dia niverina tany anaty rano indray aho. Ilay mpanjakavavin'ny morontsiraka, dia nanome ahy ny iraka voalohany. Tsy maintsy mankany amin'ny tanananako aho, ary mamono ny dadatoako. Mpimasy malaza amin'ny fanasitranana io Dadatoako io, ary io hoy izy no tompon'antoka tamin'ny famonoana ny ray aman-dreniko. Dia nankatoaviko ny baiko, saingy izaho mbola tsy namono olona izany, dia tsy sahy nanantanteraka izany aho, fa ny nataoko dia ny nanapotika ny fananany sy ny fahefany. Noho izany, tsy nisy clients intsony nanatona azy. Dia niverina aho nanao ny tatitra tany aminy, saingy tezitra mafy aok'izany izy. Dia niteny izy fa mendrika ho ahy ny fahafatesana noho izaho tsy nankato, saingy tsy hanao izany izy noho ny fitiavany ahy. Ho setrin'izany, dia nirahina indray aho hamono olon-dehibe roa ao an-tanàna izay lazainy fa mpiray tsikombakomba tamin'ny famonoana ny ray aman-dreniko. Tsy fantatro fa angamba sazy natao tamiko izany noho izaho tsy nankato, noho izany dia notanerahiko ny zavatra nibaikoany ahy. Novonoiko ireo olona roa ireo, ary nentiko tany aminy ny rany. Noho ny fahafatesana hafahafa izay nitranga tamin'izy ireo, ireo ray aman-drenibe teo an-tanana, dia namonjy mpimasy malaza iray hafa, izay nandefa varatra mba hitady izay namono azy ireo. Nihaona ara-panahy tamin'io mpimasy io aho, ary dia nampitandrina azy mba tsy hiteny raha mbola te-ho velona. Dia niverina ho any amin' ireo loholona ilay mpimasy ka nilaza fa tokony hanome ny zanany ananakiray izy ireo. Avy ny varatra avy eo namely azy ireo ary nahafatesana sy naharatrana betsaka.
Taorian'io zava-nitranga io dia fantatro fa tena niasa ny fahefàna tato amiko, ary nisy anikizivavy iray izay tsy nety niaraka tamiko aza, nataoko simba ny tarehiny.

## NY FIHAONAKO TAMIN'I SATANA

Taoriana kelin'izay dia niverina tany Lagos aho. Indray andro, nisy tovovavy iray atao hoe Ninna nitady ahy. Ninna, dia zazavavy tena tsara tarehy izay manana ray aman-dreny any amin'ny fanjakan'I Anambra, dia mandany ny fotoanany sy ny andro iainanany any ambanin'ny ranomasina, izany hoe any amin'ny tontolo ara-panahy, any ambanin'ny rano any. Izy dia mpiasan'ny mpanjakavavin'ny morontsiraka mafana fo ary faran'izay tena masiaka. Mankahala ny kristiana fatratra amin'ny fanahiny manontolo izy, ary vonona mandrakariva hiady amin'ny kristiana amin'ny fotoana rehetra. Nihaona taminy voalohany aho tany ambanin'ny ranomasina. Nitondra hafatra ho ahy avy any amin'I Losifera I Ninna. Nandeha niaraka avy hatrany izahay ary rehefa tonga, hay hisy fihaonana amin'I Losifera, na I Satàna.

Nandritra izany fihaonana izany, dia nanome ahy izy ny toro-marika toy izao: **“Izaho dia mila manafika ny kristiana fa tsy ny tsy mpino, satria ireny hoy izy dia efa ahy”**

Raha vao niteny izany izy, dia nanontany ny anton’izany ny iray taminay. Dia namaly izy fa Andriamanitra dia nanjera azy avy amin’io “toerana io” (ny lanitra), noho ny avonavony ary TSY TIANY HISY KRISTIANA NA DIA IRAY AZA HIDITRA ANY AN-DANITRA. Nandritry ny resaka nifanaovanay, dia tsy nanonona ny teny hoe “lanitra” na oviana na oviana izy, fa ny fomba ilazany azy dia ny hoe “io toerana io”.**Dia nilaza koa izy fa tsy ilaina ny manafika ny mpihatsaravelatsihy, fa ireny hoy izy dia toa ahy ihany. Ireo izay tena kristiana ihany no tsy maintsy adaraboka.**

**DIA NILAZA IZY FA EFA ANTOMOTRA NY ANDRONY ARY TOKONY HIADY MAFY TSY TAHAKA NY TEO ALOHA IZAHAY? MBA HAHAZO ANTOKA FA TSY HISY OLONA HIDITRA AMIN’IO “TOERANA”IO NA DIA IRAY AZA.**Dia niteny ny anankiray taminay:”Izahay naheno fa nisy nirahin’Andriamanitra hamonjy ny olombelona rehetra ary hamerina ny olona ho any aminy” Dia namaly Satana: “Iza izany?”. DIA NISY NAMALY HOE “**JESOSY**”. Ary akory ny hatairanay, fa niongana tamin’ny sezany Losifera rehefa nahare izany.Dia romotra Losifera ary nampitandrina azy mba tsy hanonona izany anarana izany intsony amin’ny fivoriana rehetra, raha mbola te ho velona. Tena marina tokoa fa ny lohalika rehetra no andohalika manoloana ny anaran’I JESOSY “ary tafiditra ao anatin’izany ihany koa Satana.

Taorian’izay zava-nitranga izay, dia nampahery anay izy mba tsy dia hitebiteby loatra manoloana ireo izay atao hoe “kristiana”, ary izy, Losifera, dia ho avy hanjaka faingana eto amin’izao tontolo izao. DIA NITENY KOA IZY: SATRIA NY OLOMBELONA DIA MANKAFY AN’IREO ZAVA-BAOVAO IZAY NAMBOARINY, DIA TSY HITSAHATRA IZY NY HANAMBOATRA AZY IRENY MBA HAHAZOANA ANTOKA FA TSY HIFANTOKA AMIN’ANDRIAMANINY IZY IREO.  Dia nanamafy Satana fa ireto no fomba anankitelo hanapotehany ny Fiangonana: ny vola, ny harena, ny vehivavy.

Rehefa tapitra ny kabariny, dia nofaranany ny fivoriana. Io no fihaonako voalohany tamin’I Satana. Dia mbola nisy ihany koa taty aoriana. Rehefa handeha izahay, ilay mpanjakavavin’ny morontsiraka, izay niseho tamin’ny endrika maro samihafa, dia niangavy ahy mba ho any amin’ny fitoerany. Dia nametrahany vovo-paty teo anelanelan’ny ranjoko; nasiany vato ihany koa tamin’ny iray amin’ny rantsan-tanako,ary zavatra hafa ihany koa tamin’ny tanako an-kavanana. Ireo zavatra ireo dia samy manana ny asany manokana. Ny vato izay eo amin’ny tanako dia fitaovana hahafantarako ny eritreritr’ireo izay mitady hanisy ratsy ahy. Ilay zavatra eo amin’ny tanako ankavanana dia manome fahefana mba hanapotehana, ary izay napetraka teo anelanelan’ny ranjoko, dia mahatonga ahy ho mafy sy mampidi-doza. Ireo zavatra ireo ihany koa dia manome fahefana ahy hiova ho VEHIVAVY, BIBIDIA, VORONA, SAKA, sns… Dia notarihiny tao amin’ny laboratoire-ny anankiray ahy ary nomeny “telescope, television ary fitaovana video. Tsy fitaovana tahaka ny mahazatra ireo, fa fitaovana entina hamantarana sy hitsikilovana ireo kristaiana izay niova fo sy mivavaka any am-piangonana. Dia nanome ahy tovovavy 16 izy mba ho mpiasako, ary Ninna no iray amin’ireo. Dia niverina tany Lagos aho niaraka tamin’ireo fanomezana rehetra ireo.

**NY FANJAKAN'NY AIZINA 2**

**Ny fiovako ho tonga mpiasan'I Satana:**

Tao anatin'ny foko dia tsy nanana fihetseham-pon'olombelona na fo mangoraka intsony aho. Nirotsaka an-tsehatra avy hatrany tamin'ny asa aho, ka NANAPOTIKA TRANO DIMY be izao. Nilentika tany ambanin'ny tany niaraka tamin'ny olona rehetra mipetraka ao aminy izany trano izany. Izany zava-niseho izany dia tao Lagos tamin'ny volana Aout 1982. Ilay tompon'ny Orinasa nanao ny trano no voampanga ho tompon'andraikitra tamin'izany ary voatery nandoa vola tsy toko tsy forohana izy. **BE DIA BE AMIN'NY FANAPOTEHANA SY NY FANDRAVANA MISY AMIN'IZAO FOTOANA IZAO NO TSY AVY AMIN'OLOMBELONA.** Ny asan'ny devoly dia mangalatra, mamono ary mandringana. Averiko indray fa Satana dia tsy manome fanomezana maimaimpoana na oviana na oviana.Dia miroso aho mahatonga lozam-pifamoivoizna eny amin'ny lalana. Tiako ho marihina ny amin'ny tanora iray vao avy niova fo, izay nijoro vavolombelona ny amin'ny namonjena sy ny nanafahana azy. Mampahory sy mampijaly ny any amin'ny fanajakan'I Satana fatratra izany zavatra nataony izany. Dia nanapa-kevitra aho, "handray andraikitra ny aminy". Indray andro, dia niditra tamin'ny fiara fitaterana tsara tarehy iray ho any Lagos izy. Handeha ho any amin'ny fivoriana iray izy izay handraisany anajara amin'ny alalan'ny fijoroana vavolombelona. Raha iny nandeha mafy iny indrindra ilay fiara, dia nampiasa ny fahefako aho mba hivily lalana ilay fiara. Ary dia izany tokoa ny zava-niseho.Dia nidona tamin'ny hazo iray ilay fiara**. MATY DAHOLO NY MPANDEHA REHETRA TAO AFA-TSY ILAY KRISTIANA NIOVA FO.** Tena zava-mahagaga fa nivoaka tao amin'ny fiara izy ary tsy nanino-tsy naninona. Nosakanako izy tsy hijoro vavolombelona, fa tsy nahomby izany. AMIN'NY ALALAN'NY TELEVISION, dia fantatray ireo izay vao avy nibebaka, ary dia ampahorianay mafy izay ireny, ny tanjona amin'izany dia mba hiverenany lalana. Raha ao anatin'ny enim-bolana tsy mahomby izany, dia tonga izay manapotika ny orinasany ary maha-bankiropotra azy. Raha mpiaasam-panjakana izy dia ampiasainay ny lehibeny hampijaly azy, ary raha ilaina ny handroahan'ny Lehibe azy dia ataonay izany. Raha efa nataonay izany rehetra izany nefa mbola mijoro ihany izy, dia ilaozanay amin'izay.**FA RAHA MIVERIN-DALANA KOSA IZY, DIA TSY MAINTSY VONOANA MBA TSY HISY INTSONY NA DIA IRAY SEGONDRA AZA FOTOANA IZAY MBOLA HIBEBAHANY INDRAY** .

Nanapotika sy nandringana aina maro aho, ary afa-po tanteraka I Losifera, ary natao **FILOHAN'NY MPAMOSAVY** aho. Iray volana taorian'io fanendrena io, dia nisy fivoriana natao. Dia tonga tamin'io izahay rehetra, ary niova vorona, saka ary bibilava daholo. Ireo zava-manan'aina ireo dia ampiasaina noho ireto antony ireto:

Ny fivadihana ho vorona dia mahatonga ny mpamosavy tena mampidi-doza.

Ny fakana ny endriky ny saka dia hahafahan'ny mpamosavy mifandray amin'ny olombelona sy ny fanahy.

Ny fivadihana ho voalavo dia fomba hahafahan'ny mpamosavy miditra moramora any an-trano, ary ny alina manaraka, dia miova ho matoatoa, na olona hita vatana ihany koa, mba hitsentsitra ny ran'ny olona mipetraka ao.

Ny zavatra ho dinihina ao amin'ny fivoriana dia tokana ihany: **NY KRISTIANA**

Dia nanao programa ary izahay hanao "Konferansa momba ny famosaviana izay hatao ao Benin City ny taona 1983". Dia nambara tamin'ny gazety rehetra izany. Nentanina avokoa ny hery sy ny fahefan'ny maizina rehetra, ary nino izahay fa tsy hisy hahasampona io

fivoriana io na oviana na oviana. Vita plan avokoa ny zavatra rehetra ary tsy nisy natao tsinontsinona mihitsy. Tampoka teo anefa, **NIVAVAKA NY KRISTIANA TANY NIGERIA ARY NIDERA AN'ANDRIAMANITRA, KOA DIA RAVA DAHOLO NY FIKASANAY REHETRA. Tsy ny plan ihany no potika, fa nahatonga fisavorovoroana tany amin'ny fanjakan'ny aizina izany zavatra izany.AOKA HO FANTATRY NY KRISTIANA, FA RAHA VAO MANOMBOKA MIDERA AN'ANDRIAMANITRA MARINA IZY IREO, DIA MAHATONGA FIKORONTANANA SY FISAVOROVOROANA NA ANY ANATY RANOMASINA IZANY, NA ENY AMIN'NY RIVOTRA. IREO MIARAMILAN'I SATANA DIA TSY MAHITA FITSAHARANA VOKATR'IZANY. NY VAVAKA DIA TAHAKA NY BOMBA ALATSAKA EO AMIN'IZY IREO ARY SAMY MANAO IZAY HAMONJENA NY AINY AVY EO.**Raha mahafantatra mantsy ny kristiana ka mampiasa ny hery sy ny fahefana nomen'Andriamanitra azy, dia izy no hifehy ny zava-misy sy mitranga eto amin'ny firenena. Ny kristiana irery ihany no afaka hamonjy ny firenena.

## NY FANJAKAN'NY AIZINA 3

Taorian'ny tsy fahombiazan'io konferansa io, izay natao tany Afrika atsimo taty aoriana, dia nantsoina ho anaty ranomasina aho. Rehefa toga tany aho, dia nambara fa hipetraka any ambanin'ny ranomasina aho, ary tsy ho eny ambonin'ny tany raha tsy amin'ny zavatra sarotra ilàna ahy. Dia nomena iraka vaovao aho:Hanamboatra ody sy fanafody hoan'ny mpamosavy sy ny mpimasy aho. Izaho no notendrena ho lehiben'ny sampana fanaraha-maso, ary natao tompon'andraikitra amin'ny fanamboarana fanomezana na "cadeaux", izany hoe tsy maintsy hanokatra fiangonana aho antsoina hoe "Fiangonan'ny miakanjo fotsy", dia tsy maintsy aho hampiroborobo ny maternité, hanokatra tranom-barotra ary hampiroborobo izany, hanome zaza arty hanome vola. Dia hazavaiko tsirairay izany:

**1) Fanokafana "Fiangonana miakanjo fotsy":**

Raha misy olona mangataka ny hanampiana azy amin'ny hanokafana trano fivavahana sy fanasitranana, dia manampy azy izahay, saingy misy fepetra:

a) Manaiky izy fa hanome fanahy iray na roa ho anay isan-taona

b) Amin'ny fotoana handraisany andraikitra iray ao amin'ny Fiangonana, dia tsy maintsy hiditra ao amin'ny fikambananay izy.Tsy misy olona afaka miditra ao amin'ny trano fivavahanay

c) raha mitondra kiraro. Raha manaiky izy, dia omena zavatra iray tahaka ny vato fotsifotsy, taolan'olona, rà ary ody, ireo rehetra ireo dia ao anatin'ny pot kely iray. Dia omena baiko izy handevina io pot io ao anaty tany, eo anoloan'ny Fiangonana, ary hanisy hazo fijaliana eo amboniny. Ny hazo fijaliana ihany arak'izany no tazana ety ivelany, rehefa voalevina ao ilay pot. Dia asiana bassin eo akakiky, na fitoeran-drano, mba hahatongavan'ny fanahy hametraka rano "spécialeé ao. Io no ata hoe "rano voahasina".Olona maro izay ampijalian'ny fanahy ratsy, no hitady an'ireny "mpaminany ireny" mba hanala ireo fanahy mampahory ireo. Raha ny marina, dia tsy misy azony atao afa-tsy ny manampy fanahy hafa hiditra ao amin'ilay olona. Ny devoly tsy afaka handroaka ny devoly namany.

d) Dia izao no ataon'ilay mpaminany: mivavaka hoan'ilay olona izy, dia manome azy lamba menamena apetraka ao an-tranony; dia manoro hevitra azy izy hivvaka miaraka amin'ny fandoroana zava-manitra. Dia manasa anay hiditra any antranony ilay olona rehefa

manatanteraka izany zavatra izany. Indraindray dia angatahina ilay olona hitondra zavatra hatao fanatitra. Ireny fanatitra ireny no natao hanasitranana ilay olona. Ilay mpaminany dia tsy manana fahefana hitsabo na hanasitrana.

**2) MANOKATRA MATERNITE**

Raha misy vehivavy mangataka ny hanampiana azy amin'ny fanokafana maternité ary hampiroborobo izany, dia omena azy izany araka ireto fepetra ireto: Misafidy volana iray izahay, ka mandritr'io fotoana io dia ho faty daholo ny zaza teraka rehetra. Fa ny zaza sisa rehetra kosa dia ho velona. Raha manaiky koa izy, dia omena mpisikidy izy, hahatonga olona be dia be hiditra ao amin'ny Maternité izay tantanany. Misy an'izany Maternité izany any Onitsha, Lagos,sns…

**3) FANOKAFANA MAGAZAY VAOVAO**

Raha misy lehilahy mangataka aminay ny hanaovana izany, dia omenay peratra izy, ary tsy misy vehivavy mahazo mikasika izany peratra izany. Tsy maintsy ihany koa izy manaiky ny hiditra mpikambana ao amin'ny Fikambananay. Raha manaiky izany izy, dia adidinay ny mameno ny magazainy amin'ny vokatra sy entana faran'izay raitra sy tonga lafatra.

**4) FANOMEZANA ZAZA**

Raha misy vehivavy momba tonga ao amin'ny mpimasy, dia angatahina izy hitondra ireto zavatra ireto: akoholahy fotsy, ondry, lakre na tsaoka, ary ny fitaovana hikaraklarana ny zaza. Dia asaina mandeha amin'izay izy, ary amin'ny fotoana tsy maha-eo azy, dia entin'ny mpimasy aty aminay ireo zavatra ireo.Dia misy fanamboarana ody izay tsy hay hazavaina ataonay, miaraka amin'ny vovo-paty. Ampiasain'ny mpimasy ireo zavatra ireo afangarony amin'ny sakafon'ilay vehivavy. Tonga bevohoka izy, saingy zaza tsy tonga lafatra. Raha toa ka vavy io zaza io, mety ho velona izy sy hanambady, nefa tsy hanan-janaka na oviana na oviana. Raha zazalahy kosa, mety ho velona ihany koa sy handia fianarana, fa amin'ny fotoana iray dia ho faty tampoka. Tsy ho ela velona na oviana na oviana ireny zaza ireny, fa matetika maty tanora.
Tiako ny manamarika etoana fa ny ankabeazan'ny fahamombàna dia avy amin'ny devoly. Ny vehivavy iray dia mety tsy hananjanaka izy ety an-tany, fa miteraka izy any ambanin'ny ranomasina. Noho izany, manoro hevitra aho ho an'ny zanak'Andriamanitra mba hiandry an'Andriamanitra irery ihany, fa Izy irery ihany no manome zaza tonga lafatra.

**5) FANOMEZANA VOLA**

Raha misy olona iray tonga mangataka vola aty aminay, dia angatahinay izy hameno ireto fepetra ireto: iangavianay izy hanome ny ampahany amin'ny vatany. Na raha manana ankohonana izy, dia angatahinay izy hanome ny zananilahy. Raha tsy manambady izy, dia angatahinay ny zokiny lahy na ny zandriny lahy. Izay olona ekeny omena anay dia tsy maintsy ao anatin'ny iray tam-po.Toy izao no fomba hamonoana ilay sorona,omena tsipika na lefona ilay manao fanatitra. Dia alaina ny fitaratra ary hita eo daholo ny sarin'ny mpianakavy iray manontolo. Raha vao iny tazana ny sarin'ilay atolotra ho sorona, dia kapohina amin'ilay lefona na tsipika ilay sary, ary dia maty avy hatrany iny olona any amin'ny toerana izay misy azy amin'io fotoana io.

**NY ADIN'I SATANA AMIN'NY KRISTIANA (1)**

*"Fa isika tsy mitolona amin'ny nofo aman-dra, fa amin'ny fanapahana sy amin'ny fanjakana sy amin'ny mpanjakan'ny fahamaizinana izao, dia amin'ny fanahy ratsy eny amin'ny rivotra" (Ef 6:12*)

Rehefa avy nahazo baiko tamin'I Losifera izahay mba hiady amin'ny kristiana, dia nivory izahay ary nametraka ireto paik'ady ireto: asianay amin'ny aretina izy, ataonay momba (tsy miteraka), ataonay rendremana, fifanjevoana ao amin'ny Fiangonana, fangatsiahana ao am-piangonana, ataonay tsy mahalala ny Tenin'Andriamanitra izy ireo, tafihinay ny ara-nofo rehetra.
Hazavaiko kely ireto zavatra ireto:

**Ny amin'ny ara-nofo**

Noho ny amin'ilay Television izay efa nomena ahy, dia fantatro avokoa ny kristiana niova fo rehetra. Ampahatsiahiviko fa izahay dia tsy manafika ny mpihatsaravelatsihy, satria ireny dia efa anay.Mahazatra anay ny mandefa ireo tovovavy any amin'ny Fiangonana lehibe. Ny ahafantarana azy ireo, dia mitsako silgaoma izy ireo rehefa any am-piangonana, mampitomany zaza, manao izay mahavariana sy mandrebireby ny olona mba tsy hihainoany Tenin'Andriamanitra. Dia afaka miditra any anatin'ny olona mihitsy izy ireo ka mahatonga azy ireo matory, mba tsy hihainoany ny Tenin'Andriamanitra. Raha hitany fa nisy mpino iray nihaino tsara ny Tenin'Andriamanitra, dia andrasany eo ambavaravaran'ny Fiangonana iny olona iny. Rehefa mivoaka ny Fiangonana iny olona iny, dia avy ny tovovavinay satria tian'ny olona rahateo ny mandray fanomezana. Dia miseho amin'ny endrika tena sariaka sy maha-te ho tia izy ireny, ary manao izao azony atao rehetra. Ny tanjona dia ny mba hanadinoan'ilay mpino ny Tenin'Andriamanitra izay nohenoiny.

Raha tena kristiana tsy azo hozongozonina kosa ilay mpino dia izao no atao: Aorian'ny fivorim-bavaka dia mihazakazaka miarahaba azy ny tovovavinay. Dia maneho ny faniriany mba te-hahita ny tranony ilay tovovavy, satria milaza izy fa mpino vao tonga eo amin'ilay Fiangonana. Raha tonga any an-tranon'ilay kristiana izy, dia lasa izy mividy akondro ohatra, ary dia raisn'ilay kristiana ho mariky ny fitiavana izany. Dia mitohy mitsidika an'io olona io mandra-pamonoany tanteraka ny afom-pitiavana an'I Kristy ao am-pon'ilay mpivavaka. Any amin'ireo Fiangonana mifoha, dia atao izay handreraka sy hahakivy ny olona tsy hamaky Baiboly, atao ihany koa izay tsy hahafantarany ny fahefàna nomena azy, sy ny fampanantenana nataon'Andriamanitra. Any amin'ny Tafika Masina sy ny fitoriana Filazantsara, ireo tovovavy ireo dia nirahina hahatonga ady sy tsy fifanarahana amin'ireo mpiantafika.

**NY ADY AMIN'NY KRISTIANA (2)**

**1- Ahoana ny ahafantarana ny tena kristiana?**

Ny krstiana izay nateraka indray dia tsy ny fitondrany Baiboly na ny isan'ny fivoriam-bavaka atrehiny no amantarana azy. ANY AMIN'NY FANJAKAN'NY MAIZINA DIA HITANAY IZY IREO FA MIsY MAZAVA MAMIRAPIRATRA MANANDRIFY NY FONY, NA MAZAVA MANODIDINA NY LOHANY, NA IHANY KOA TAHAKA NY RINDRINA AFO MANODIDINA AZY. Rehefa mandeha ny kristiana iray, dia hitanay fa misy anjely eo ankavanany sy eo ankaviany, ary ny iray avy ao aoriany. Noho izany rehetra izany, dia tsy afaka manatona azy izahay. Ny fomba mahomby ahazoanay mamely azy dia ny fakana fanahy azy mba ho lavo amin'ny fahotana. Io no varavarana ahafahanay miditra ao aminy. Raha misy kristiana iray mitondra fiarakodia, ka mitady hanisy ratsy azy izahay, dia hitanay fa tsy mandeha irery izy. Misy anjely mipetraka eo anilany. Raha mba fantatry ny kristiana mantsy izany sy ny tombotsoa marobe omanin'Andriamanitra ho azy, dia tsy hanao ambanin-javatra ny fiainam-panahiny na oviana na oviana izy.

## 2- Ny fanafihana ny kristiana mba hampiverin-dalana azy ireo

Amin'ny maha-Filoha notendren'I Losifera ahy, dia naniraka ireo ankizivavy aho ho any amin'ny Fiangonana velona sy mifoha. Mihaingo be aok'izany izy ireo. Aorian'ny Toriteny, dia miroso mankeny amin'ny Alitara izy ireo milaza fa nandre antso ka hanolo-tena, ary dia mangataka vavaka. Amin'ny faran'ny fanompoam-pivavahana dia miandry ilay mpitoriteny izy ireo, ary ity farany kosa dia faly satria nahazo olona vaovao. Ny anankiray amin'ireo tovovavy ireo izay noheverina fa "nanolo-tena" ireo dia vonona mihitsy ary mamandrika azy amin'ny fijanganjangana sy ny firaisana ara-nofo. Izany dia mitranga amin'ny fotoana hijeren'ilay mpitoriteny azy sy hitsirian'ny fitsiriritana ao anatiny. Azony antoka amin'izay fa hifikitra amin'izany fahotana izany ilay mpitoriteny ary tsy avelany raha tsy maty ny afon'ny Fanahy Masina ao aminy. Rehefa vita ny iraka ary tanteraka hatramin'ny farany dia avelany amin'izay ilay mpitoriteny.

Tiako ary ny hitantara ny momban'ny Mpitandrina iray: Teo anivon'ny fanjakan'ny maizina, dia fantatra fa olon'Adriamanitra izy io. Raha vao mandohalika mivavaka izy, dia misavoritaka ny miaramilanay. Nalefanay tany aminy ireo tovovavinay, ary io Pasteur io dia nanaiky nampiantrano sy nampisakafo azy ireo, fa tsy nanaiky na oviana na oviana ho latsaka tamin'ny fahotana izy. Noho izany, novonoin'ireo tovovavy ireo noho ny tsy fahombiazany.Dia nanova endrika ho lasa vehivavy aho, ary nanao izay azoko natao rehetra mba hahalavo azy, fa tsy nahomby.  Tapa-kevitra aho fa hamono azy avy eo. Indray andro, nandeha niantsena io Mpitandrina io. Dia nanara-maso azy aho, ary izy iny niondrika nandoa vola iny indrindra, nampiasa ny fahefako aho, ka nampivily lalana kamiao lehibe iray, hamantana ao an-tsena izay nisy ity Pasteur ity. Nidona tamin'ny Poteau iray ilay fiara, ary dia nivadika tao an-tsena nahafaty olona maro, fa ilay mpitandrina kosa nieren-doza ary tsy naninon-tsy naninona. Fahagagana lehibe izany. Indray andro hafa ihany koa, raha nandeha teny an-dalana izy, dia nobaikoako ny fiara lehibe iray hanitsaka azy, fa olona maro hafa ihany koa no maty, fa izy tsy naninona. Dia nilaozanay izy rehefa tsy hitanay izay nanaovana azy.

Amin'ny alalan'ny kristiana iray, ny devoly dia vonona hamono olona maro ho sorona, mba hahafatesan'io kristiana iray io.  Manao izay fomba rehetra izy handavoana, saingy raha mifikitra ny kristiana dia tsy hitany izay hanaovany azy ary dia miala izy ireo amin'ny farany.

## NY FANAFIHAN'I SATANA NY KRISTIANA (3)

### Ny fangejana ny kristiana:

Amin'ny alalan'ny nofy no hanatanterahana izany.:Olona efa maty tonga mamangy azy, olona miafin'endrika na biby manenjika azy, mahita ny namany milomano ao amin'ny renirano, manonofy namana mitondra sakafo ary miangavy azy mba hihinana, mahita vehivavy tsy manambady na manambady manao firaisana ara-nofo amin'ny lehilahy. Raha tsy vahana haingana izany olana dia hiafara amin'ny fahamombana mihitsy. Raha vehivavy bevohoka no manonofy miray amin'ny lehilahy, raha tsy voavonjy haingana, dia hiafara amin'ny fahafahan-jaza.

Raha misy kristiana manonofy ny iray amin'ireo, dia tsy tokony hipetrapetraka izy, fa tokony handini-tena sy hibebaka amin'ny fahotany, sy hamerina indray amin'ny laoniny ny fiainany izay efa simba sy potika. Tena zava-dehibe sy miankina aman'aina izao zavatra izao. Ilaina ihany koa izy manatona ray aman-dreny am-panahy izay afaka hanoro hevitra azy amin'ny zavatra rehetra.

## Ahoana no fomba ambaboan'I Satana fanahy?

Raha mbola tety an-tany Kristy dia nanafatra hoe: "Mandehana ianareo, dia ataovy mpianatra ny firenena rehetra, manao batisa azy amin'ny anaran'ny Ray sy ny Zanaka ary ny Fanahy Masina sady mampianatra azy izay rehetra nandidiako anareo. Ary indro Izaho momba nanareo mandrakariva ambara-pahatongan'ny fahataperan'izao tontolo izao".

Raha mbola mangatak'andro ary ny kristiana amin'ny fotoana sy ny fomba hanatanterahany izany baiko izany, Satana koa dia dia mba efa mampita ny baikony sy ny tetik'adiny. Saingy misy ny maha-samihafa azy: ny miaramilan'I Satana dia malina kokoa sady mahazo fanahy maro nohon'ny kristiana. Ny toerana tena hahazon'I Satana olona be indrindra dia ny Sekoly ambaratonga faharoa, indrindra ny Sekolin-jazavavy.

Ny tovovavinay ireny dia alefanay any an-tsekoly ary miseho toy ny mpianatra rehetra any an-dakilasy. Dia omenay atin'akanjo faran'izay lafovidy sy ara-damaody izy ireny. Io no lahara-pahamehana aminay, satria izy ireo mantsy dia manana fahazarana te hampidera foana ny atin'akanjony, indrindra any amin'ny Sekolin-jazavavy. Ny miaramilanay dia tsy orin-javatsoa na inona na inona. Vonona izahay hanome azy ireo izay rehetra ilainy, na inona na inona, toy ny atin'akanjo, boky, zavatra sarobidy, vola. Dia omenay ihany koa savony fisasana izy izay ampindraminy ny namany rehetra. Ny tovovavy izay te hitovy aminy, dia voasintony ary tonga namany. Dia mampahafantatra ny momba azy amin'io ankizivavy io ny miaramilanay, dia manomboka mitsidika azy matetika izahay ary manolotra azy fanomezana. Azonay amin'izay izy avy eo, ary lasa mambabo namana hafa ihany koa. Dia toy izany hatrany hatrany. Zavatra iray izay tiako ho tsipihina manokana: Satana dia tsy manery olona na oviana na oviana. Izay ataony dia ny mitarika anao sy mahatonga anao ho resy lahatra hanaraka azy. Izany no mahatonga ny Baiboly hiteny hoe: "Tohero ny devoly, dia handositra anareo" (Jak 4:7)

Ny fomba anankiray ihany koa hambaboan'I Satana olona dia ny Auto-stop. Mahazatra anay ny maniraka ireo tovovavinay ho eny amoron-dalana sady mihaingo fatratra no manao akanjo misarika fakam-panahy. Hitanareo ihany koa izy ireny any amin'ny Hotely, ary amin'izany no hambaboanay lehilahy sy vehivavy maro. MARO AMIN'IREO OLONA IZAY LAZAINA FA TSY HITA NO VERY VOKATRY NY FANDRAISANA TOVOVAVY MANAKANA AUTO-STOP. Mila mitandrina isika arak'izany ny amin'ny fandraisana ireny olona manakana fiara ireny, indrindra ny tovovavy.

## NY FIHAONAKO TAMIN'I JESOSY

Tamin'ny volana Febroary 1985, dia nanao fivoriana tahaka ny mahazatra izahay tany ambanin'ny ranomasina. Dia nanapa-kevitra aho ho any Port-Harcourt, tany amin'ny fanjakana atao hoe "Etat des Rivieres" mba hamangy ny Nenitoko izay efa maty vady. Tany no nahalalako ny lehilahy iray atao hoe Anthony. Nanana toera-piasana iray tao an-tanana izy, ary niantso ahy. Manana ny lalàna mifehy anay ao amin'ny Fikambanana misy anay izahay, izay tsy mahazo mandà na oviana na oviana ny fiangaviana. Dia nandeha tany aminy aho indray Alakamisy hariva, ary nilaza izy fa misy hafatra avy amin'Andriamanitra ho ahy. Dia nalainy ny Baiboliny ary nanomboka nitory izy, niaraka tamin'ny lehilahy iray sy vehivavy roa.

Dia nitoriteny lavabe teo izy, ary tsy dia azoko tsara daholo ny zavatra nolazainy. Avy eo dia nasainy nandohalika nivavaka aho, ary tonga tamiko ny Fanahin'Andriamanitra nanjera ahy tamin'ny tany. Niezaka niarina aho saingy tsy afaka nanao na inona na inona, fa tonga nihinjitra tahaka ny hazo fisaka. Nopotehiko ny seza vy tao amin'ilay toeram-piasana. Hitako ery ivelany, nisy mpikambana tao amin'ny Fikambananay anankitelo, lehilahy iray sy vehivavy roa, niseho amin'ny endrik'olombelona. Dia nandroso hiditra eo amin'ny varavarana izy ireo saingy tsy afaka, noho ny Herin'Andriamanitra. Fantatro fa nampahafantarina faingana ny momba ahy izy ireo, tamin'ny alalan'ny fitaovana

fanairana. Noho ny amin'ny Television dia tsy niafina tamin-dry zareo ny zavatra nihatra tamiko, ary nandefa mpamonjy izy ireo saingy tsy afaka nanao na inona na inona. Nandritry ny fotoana izay nandohalehako nivavaka, ireo vehivavy kosa nandroaka sy namatotra ny devoly, saingy tsy dia matotra loatra izy ireo, ka tsy nisy devoly nivoaka. Dia nangataka tamiko izy ireo mba hiantso ny anaran'I Jesosy Tompo sy Mpamonjy aho, fa tsy namaly akory aho. Nanontaniany avy eo ny anarako dia nomeko azy ireo.
Niady nandritry ny ora maromaro izy ireo ary namela ahy nandeha rehefa avy eo. Tsy nisy devoly nivoaka tamiko na dia iray aza.
Dia nasaina indray aho ny ampitso hanao alim-bavaka miaraka amin'I Anthony sy ny mpiara-mivavaka. Dia nekeko io fanasana io satria tafiditra ao amin'ny asanay ihany koa mba hanakorontana sy haharendremana ny mpivavaka mivory ao ary tanjonay izany araka ny efa voalaza tany aloha. Dia nanomboka tamin'ny hira fiderana ny fotoana, ary nitohy tamin'ny hira mamim-bahoaka nataon'ny mpanakanto iray. Ny tononkira dia milaza fa tsy misy fahefana ambony ary tokana afa-tsy ny an'I Jesosy Kristy ary ny fahefana hafa rehetra dia tsy maintsy levona ary tsy manan-kery. Dia toran'ny hehy aho nandinika ny fiainan'ireo izay nanao izany hira izany, satria hitako fa ny telo ampahefatr'izy ireo dia miaina ao anaty fahotana avokoa. Fantatro fa noho ny fahotana izay fikirin'izy ireo, dia zava-doza no miandry azy amin'ny afitsoky ny fahefana hafa dia ny an'ny maizina satria tahaka ny maniratsira sy mihaika azy ireo ny tononkira, nefa ny fiainany tsy araka izany akory. Ny kristiana dia tokony hankato ny Tenin'Andriamanitra ary tsy hamela ny fahotana hitoetra akory ao amin'ny fiainany.
Miaramilan'I Satana efatra avy any ambanin'ny ranomasina izahay no nanatrika io fivoriana io. Manolo-tsaina sy manoro hevitra aho, fa alohan'ny hanombohana ny fivoriam-bavaka kristiana, dia tokony hiaiky sy hibebaka ny fahotana aloha, avy eo dia manokana fotoana hiderana an'Andriamanitra.

Raha toa ka misy olon'I Satana amin'ireo izay manatrika ny fotoana dia tsy hahazo aina na oviana na oviana izy noho ny fibebahana sy ny fideràna. Nifanohitra amin'izany kosa anefa tamin'io fotoana io, fa tena nahazo aina izahay, ary afaka nanao ny asanay tsara aza. Betsaka tamin'ireo izay nanatrika no nanomboka natory, ny hira dia nohiraina tsy nisy aim-panahy, nifamadika amin'ny tokony ho izy ny zavatra rehetra.Ny rahalahy Anthony dia efa niresaka tamin'izy ireo ny momba ahy, koa tokony ho tamin'ny roa ora maraina dia nantsoiny aho, mba ahahazoan'izy ireo mivavaka ho ahy. Raha vao tonga teo amion'ny Lampihazo aho, dia nanomboka niantso ny ran'I Jesosy izy ireo.
Dia najanoko ny hiran'izy ireo ary niteny aho nanao hoe:" Tsy ny fiantsoana ny amin'ny ran'I Jesosy no inona na hamaha ny olana. Izaho dia mpikambana ambony toerana ao amin'ny fikambanana misy anay. Raha azonareo antoka sy manaiky ianareo fa hanafaka ahy, dia handohalika aho. Izany teny izay nambarako izany dia tsy sitrapoko na nomaniko tato anatiko.
Ny ran'I Jesosy dia mampatahotra ny devoly ary mampahery ny kristiana.Tsy voafatotra ny devoly raha tsy mampiasa ny teny fahefana izay ananany ny kristiana.Dia nanaiky izy ireo ary nandohalika aho. Nandritr'izany, nisy anabavy izay nentanin'ny Fanahin'Andriamanitra nihiaka nanao ,hoe:" Raha toa ianareo tsy mendrika dia aza manatona". Nino aho fa maro no tsy nahalala akory izay tiany ho lazaina. Milaza marimarina aho fa zava-doza ho an'ny olona mbola miaina ao anatin'ny fahotana ny fandroahana devoly.

Betsaka ary no niala, fa nisy vitsivitsy kosa nanatona ary nivavaka ho ahy. Raha vao nanomboka niteny izy hoe: "Amin'ny anaran'I Jesosy" dia naheno zavatra nipoaka mafy tato anatiko aho, ary dia lavo niampatra tamin'ny tany. Tampoka teo, nihetsika tato anatiko ilay devoly manidina. Dia nanomboka nikisaka tamin'ny alalan'ny tratrako aho sady haingana dia haingana. Zava-doza ny olona ipetrahan'io demony manidina io. Ny rahalahy dia tsy mahita izany zava-miseho ara-panahy izany. Manidina aho satria manana fahefana ambony noho ny an'ireo izay ao anatin'ny efitrano aho. Fahefana roa samy hafa no nanomboka nifanohitra tao amin'io efitrano io. Nitsangana tampoka aho ary nanomboka faran'izay nahery setra. Nivoaka tamiko ny devoly iray ary niditra tao amin'ny tovolahy iray izay nipetraka teo. Dia nanomboka

nanafika izy an'ireo izay nihevitra ny hanafaka ahy. Ireo rahalahy dia tsy nandany fotoana ny aminy velively. Nosintoniny io dia nataony tany amin'ny trano fisainana niaraka tamin'ireo izay natahotra sy nihorohoro, ary dia nohidiany tao. Nitohy hatramin'ny 7 ora maraina ny ady.

Reraka aok'izany aho ary dia nilamina rehefa avy eo. Nandritr'izany fotoana izany dia nitangorona teo amiko ireo rahalahy, ary dia nanomboka nihiaka izy ireo nanano hoe: "Omeo anay ny anaranao", "Iza moa ianao?"Nangina tanteraka aho fa tsy namaly. Rehefa niandry nandritry ny fotoana ela, tsy niteny aho, dia voafitaka izy ireo ary nihevitra fa afaka aho. Nivavaka izy ireo dia namarana ny fivoriana rehefa avy eo. Reraka tanteraka aho, ary saiky tsy afaka nandeha nivoaka ny trano Fiangonana. Fa nisy zavatra niseho tsy nampoiziko, fa rehefa tafavoaka ny trano Fiangonana, dia indro niverina tamiko indray ny heriko rehetra.

Ny devoly sasany izay nivoaka avy tao amiko dia niverina indray tao anatiko. Tezitra mafy tokoa aho ary nianiana fa hamaly faty an'io Fiangonana io. Nanao tsinontsinona ahy ireo olona ireo, hoy aho anakampo! Noho izany fanaovana tsinontsinona aho izany, dia niverina tany Lagos indray aho, mba haka fahefana sy hanangona mpamosavy sy mpimasy mahery sy masiaka lavitra noho izaho, ary hiverina indray ao Port Harcourt mba hamaly faty ny mpikambana rehetra ao amin'ny Fiangonan'Andriamanitra ao Silver Valley.

## NY FIHAONAKO TAMIN'I JESOSY (2)

Rehefa niverina avy any amin'ny Nenitoako aho, dia niteny tamin-dry zareo fa ho any Lagos aho. Tsy resy lahatra ny hijanona velively aho. Dia nandeha bus aho ho any amin'ny Gare routiere tao Mile 3, dia nandray bus hafa indray tao  Onitsha. Ny tanjona kendreko dia ny hihaona tamin'ny namana iray tao Onitsha ary hanohy ny dia ho any Lagos.  Tao Mile 3 dia niara-dalana izahay, ary rehefa tonga tao Omagwe, tao amin'ny seranam-piaramanidina, dia naheno feo niantso ahy tamin'ny anarana fiantso ahy tany an-tanindrazako  nanao hoe:"NKEM". Dia nihodina aho nijery hoe fa iza no mahalala ahy ato anaty bus, fa tsy nahita olona aho. Iza ary no niantso ahy teo, hoy aho anakampo.Tsy misy afa-tsy ny reniko ihany no niantso ahy tamin'izany anarana izany. Ny olona rehetra, hatramin'ireo fanahy dia tsy misy mahafantatra ahy afa-tsy ny hoe "Emmanuel". Raha mbola nieritreritra teo aho, dia niverina indray ilay feo:"NKEM, MBOLA HAMADIKA AHY IHANY VE IANAO?"

Tampoka teo, dia tratry ny tazo faran'izay mafy aho. Ny hafanana izay nivoaka ny vatako dia nahatsapa izany avokoa ny mpandeha tao anaty bus. Dia nanontany ahy ny iray tamin'izy ireo:"Hono aho Andriamatoa, tsy  naninona ve ianao fony tsy mbola niditra tato anaty bus? Fa inona no nahazo anao? Dia namaly aho fa salama tsara aho ary tsy nisy na dia aretin'an-doha akory aza talohan'ny nialana tany Port-Harcourt. Tao Umuakpa, dia torana tao anaty bus aho. Izay zavatra tsaroako dia izao: nahita olona roa goavana be aho nandroso nanatona ahy. Ny anankiray teo amin'ny ankaviako, ny iray teo amin'ny ankavanako, samy tsy nisy niteny izy ireo. Dia nitondra ahy tamin'ny lalana faran'izay ratsy izy ireo, feno vaky tavoahangy sy poti-by, izay nandratra ahy tokoa. Dia nanomboka nitomany aho, saingy ireo olona ireo dia tsy niteny na inona na inona. Dia nitohy nandeha ihany izahay ary tonga teo amin'ny arabe iray. Teo vao niteny ny iray nanao hoe: "Ianao ilay olona notadiavina".Dia nanohy ny dianay ihany izahay, mandrapaha-tonga teo amin'ny trano lehibe iray. Raha vao nitehina tamin'ny gorodona ny tongotray, dia nisy feo niteny hoe:"Asaovy miditra izy".

Dia nampidirin'izy ireo aho, izy ireo kosa nanjavona fa izaho irery sisa teo. Sarotra dia sarotra ny hanazava ny zavatra izay hitako tao anatin'io trano io, nefa hiezaka ihany aho. Voaravaka tsara sy midadasika aok'izany ary sarotra ny hahita ny faran'ilay efitrano. Rehefa nandeha aho ka tonga teo afovoany, izay vao hitako  ny farany.  Dia nahita seza fiandrianana aho, misy olona faran'izay tsara tarehy mipetraka, ny akanjony mamirapiratra tahaka ny masoandro. Dia niteny tamiko izy hoe: "Avia". Saingy, mamirapiratra loatra Izy, ka tsy afaka nanatona aho. Isaky ny hanetsika ny tongotro aho handroso, dia mianjera.Dia niarina aho, ary nanandrana ihany nandeha, saingy nianjera hatrany. Tampoka

teo, nisy volana nivoaka niala avy eo amin’ny seza fiandrianana izay nipetrahany, dia nandeha nanaraka ny plafond, ary nanandrify ny toerana izay nijoroako. Dia nisy tanana roa nivoaka avy tao amin’ny volana, nandray ny lohako, sady nanosika ahy, dia nalainy tao anatiko ny vatako, tahaka ny manala akanjo amin’ny vatana. Izay nijanona teo sisa dia ilay “tena izaho” tato anatiko. Dia navalon’ilay tanana ilay “izaho vatana” ary dia napetrany teo akaikin’ny rindrina. *Dia niverina teny amin’ny seza fiandrianana ilay volana, ary ilay nipetraka teo amin’ny seza fiandrianana dia nano hoe “Avia”.*

**Ny fanadiovanaara-panahy**

Dia nandeha aho ka tonga teo amin’ny toerana iray, dia niala teo amin’ny seza fiandrianana Izy, dia tamy nanatona ahy. Dia noraisiny ny ranjoko anankiroa, dia nahontsakotsany avy izy roa,, ary dia napetrany tamin’ny toerany avy. Dia nataony tahaka izany koa ny tanana roa ary naveriny amin’ny toerany. Rahany marina, ny faritra rehetra tamin’ny vatako izay efa nokasihin’ny mpanjakavavin’ny morontsiraka dia nodiovin’Ilay mipetraka teo amin’ny seza fiandrianana avokoa.Dia nanontany tena tao anatiko aho hoe, iza moa ity olona ity, ary ahoana no ahafantarany ny faritra maloto rehetra tamin’ny tenako. Rehefa vita izany, dia niverina teo amin’ny seza fiandrianany Izy ary niangavy ahy hanatona. Raha vao nanatona aho, dia nisy zavatra nihintsana avy amin’ny vatako, toy ny kirana nianjera avy amin’ny masoko, sns…Fa nijanona izany rehefa tonga teo amin’ny faritra nisy Azy aho.“Andeha ho aiza ianao”,  hoy Izy. Andeha ho any Onitsha aho, hihaona amin’ny namako, hoy aho.ENY ARY, hoy Izy, fa hasehoko anao izay ao anatin’ny fonao.
Hatramin’izao dia tsy fantatro hoe iza marina moa ity olona ity, fa ny tsapako dia ny hoe: manana fahefana ambonin’ny fahefàna rehetra Izy. Dia nanome baiko olona iray Izy ary dia niangavy mba hampiseho ahy izay noeritreretiko tao anatin’ny foko. Dia nitarika ahy tao amin’ny efitra iray io lehilahy io, ary dia nanokatra zavatra iraty tahaka ny solaitra be. Raha ny marina, raha nahita lalana handosirana aho dia nandeha, saingy tsy afaka. Ny antony, hitako teo anoloan’ny masoko avokoa ary naseho ahy ny fikasako rehetra hanohitra ny kristiana sy ny Fiangonana tao Silver Valley. Dia nentiny indray teo anoloan’ny seza fiandrianana aho ary dia lasa izy avy eo. Dia niala teo amin’ny toerana Ilay nipetraka teo amin’ny seza fiandrianany, dia nanatona ahy ary nandray ahy tamin’ny tanako. Dia niteny tamiko Izy fa haneho ahy zavatra hafa. Teny ampandehanana, dia hoy Izy**:”TSY TIAKO HO FATY IANAO, FA TE HAMONJY ANAO AHO, ARY IZAO NO FIALANA NENINA FARANY HO ANAO. RAHA TSY MIBEBAKA IANAO ARY TSY MANAIKY HANOMPO AHY, DIA HO FATY IANAO. HASEHOKO ANAO IZAO NY TOERANA MISY NY OLOM-BOAVONJY SY NY TOERANA MISY NY VERY.** Rehefa niteny izany Izy, izay vao fantatro fa hay **JESOSY KRISTY no manoloana ahy.**

**NY FIHAONAKO TAMIN’I JESOSY KRISTY (3)**

**Ny fanambaran’Andriamanitra**

Dia niditra tao amin’ny efitrano iray izahay, dia nanokatra zavatra iray tahaka ny Rideau Izy. Dia hitako izao tontolo izao, ny olombelona rehetra sy izay zava-misy rehetra teny ambonin’ny tany. Dia hitako ny kristiana sy ny tsy mpino samy revo amin’ny izay zavatra maha-revo azy avy. Dia nandeha indray izahay tao amin’ny efitrano faharoa. Dia nakisany indray ny Rideau ary nahita toe-javatra nampalahelo aho. Olona maro voafatotra no tao. Dia hoy Izy:” Ireo olona ireo dia mpihatsaravelatsihy, ary ireo dia voahidy ato mandra-pahatongan’ny fitsarana farany”. Mampahonena dia mampanahonena ny mijery azy ireo. Dia nandeha tao amin’ny efitra fahatelo izahay, dia nakisany indray ny Rideau, ary indreo olona maro mitondra akanjo fotsy sady faly dia faly. Dia nanontany Azy hoe fa iza moa ireo, dia niteny Izy hoe, ireo no olona navotana izay miandry ny valisoany. Dia tonga tao amin’ny efitrano fahefatra izahay, ary nahita zavatra tena mampatahotra aho.

Ry mpamaky malala, sarotra ny hitantara ny zavatra hitako. Io zavatra io dia tahaka ny tanana iray manontolo izay mirehitra. **MISY NY HELO ARY TENA MAMPIHOROHORO.** Tsy nahagaga raha tety ambonin'ny tany Jesosy Kristy, dia nampitandrina ny olona ny amin'ny Afobe. Averiko indray fa misy ny Helo ary mahatsiravina izany toerana izany. Dia nanontany Azy hoe fa inona io? Dia namaly Izy fa io no toerana izay hisy an'I Satana sy ny anjeliny, ary na iza na iza ihany koa nikomy sy tsy nankato.Dia notanisainy ireo izay mpikomy na tsy nankato araka ny Apokalipsy 21:8: "Fa ny osa sy ny tsy mino sy ny vetaveta sy ny mpamono olona sy ny mpijangajanga sy ny mpanao ody ratsy sy ny mpanompo sampy ary ny mpandainga rehetra dia hanana ny anjarany ao anatin'ny farihy mirehitra afo sy solifara. Izany no fahafatesana faharoa.

Dia nandeha tao amin'ny efitrano fahadimy izahay, ary rehefa nakisany ny Rideau, dia indro nisy soratra nanao hoe: "BE VONINAHITRA". Tahaka ny nitoetra teo ambony tendrombohitra izahay nitazana. Dia nahita tanàna vaovao aho. Lehibe dia lehibe ny tanàna ary tsara dia tsara. Ny lalana dia volamena. Ny trano dia tsy misy azo ampitahaina aminy ety ambonin'ny tany. Dia hoy Izy: "Ity no fanantenana sy fitsaharan'ny olo-masina, te handeha ho ao ve ianao?" Dia namaly aho hoe "Eny". Niverina teo amin'ny seza fiandrianana izahay, dia niteny tamiko Izy hoe:"MANDEHANA IANAO, DIA LAZAO IZAY ZAVATRA NATAOKO TAMINAO" Dia nitondra ahy indray tamin'ny efitrano hafa koa Izy. Dia nasehony ahy izay zavatra hitranga amiko amin'ny diako ho any Onitsha sy Lagos, ary ny fomba nanafahany ahy tamin'izany. Rehefa izany, dia hoy Izy:"Aza matahotra na inona na inona. Mandehàna fa hiaraka aminao Aho". Dia nentiny tao ivelan'ny trano aho ary dia tsy hitako intsony Izy avy eo. Dia taitra aho, ary akory ny hatairako fa teo ambony fandriana tao amin'ny trano iray izay tsy fantatro aho. Dia nikiakiaka aho. Dia nivoaka avy any amin'ny efitranony any olona mpivady. Dia nibanjina ahy izy ireo dia niditra."FA NAHOANA AHO NO ATO AMIN'ITY TOERANA ITY?"

Dia nitantara ilay olona tamin'izaho torana tany anaty bus, ary ny fomba nitondrany ahy tany amin'ny Cathedrale katolika tao Owerri. Niantso mpitsabo anankiray izy ireo, izay nitsapa ny fitepon'ny foko, izay hitany fa ara-dalana daholo. Dia niandry izay zavatra hiseho nony avy eo. Dia nanome toky ny dokotera fa tsy maninona aho ary tsy maintsy nentin'ilay olona tany an-tranony aho, ary dia niaiky izy hoe fa ahoana aho no tonga dia nino izay nolazain'ilay dokotera ary inona no antony nandraisany andraikitra tamiko sy nitondrany ahy ho any an-tranony. Dia nanontany ny anarako sy ny momba ahy izy ireo, dia nomeko azy izany. Dia nitoetra nilamina tsara aho, fa izaho kosa tsy nitantara tamin'izy ireo ny zavatra hitako. Dia nitoetra tao nandritry roa andro aho. Nateriny teo amin'ny gare routiere tao Owerri aho avy ao ary nandray bus ho any Onitsha.Izay nasehon'ny Tompo ahy mialoha dia tanteraka avokoa. Dia nandray bus hafa indray aho ho any Lagos. Tamin'io alina io, dia nagataka ahy ny Tompo mba hiala ao Lagos ny ampitso maraina, alohan'ny zavatra rehetra. Dia nanaiky izany ary nandeha. Dia manontany tena matetika aho hoe fa nahoana moa ny Tompo no mbola namonjy olona tahaka ahy. Olona masiaka sy mpandringana, efa miaramilan'I Satana. Dia hitako tamin'izao fehezan-teny izao ny valiny:"ANDRIAMANITRA DIA FITIAVANA. Marina tokoa fa ANDRIAMANITRA DIA FITIAVANA**!**

## NY FAKAM-PANAHY SY NY FANDRESENA

***"Ny ondriko mihaino ny feoko, ary Izaho mahalala azy, ary izy manaraka Ahy, ary Izaho manome azy fiainana mandrakizay, ka tsy hisy ho very izy mandrakizay ary tsy hisy handrombaka azy amin'ny tanako". (Jao 10:27,28).***

Taorian'ny fiovam-poko ho an'I Jesosy, ny fanomezana rehetra azoko avy tany ambanin'ny ranomasina: ny telescope, ny television, ny akanjo sy ny sary, izay nalaiko tany ambanin'ny ranomasina, ny sariko miaraka amin'ny mpanjakavavin'ny morontsiraka izay napetrako tao amin'ny efitranoko, dia samy nanjavona avokoa. Rehefa niverina tao Pört Harcourt aho, dia nanana fanirina mafy te hijoro vavolombelona ny amin'izay nataon'ny Tompo tamiko, nefa tsy navela hanao izany aho tao amin'ny Fiangonana. Ilay nenitoako, vadin'ny dadatoako efa maty, dia nitondra ahy tao amin'ny Mpitandrina iray amin'ny Fiangonana, saingy ny fanontaniana napetraky ny Pasteur taminy dia ny hoe: "Nitondra taratasy ve izy?" . Taty aoriana vao nahafantatra aho, fa hay ity taratasy takiana ity dia ny ahafantarana fa efa mpikambana amin'ny Fiangonana iray ilay olona. Inona moa no hifandraisan'ny taratasy amin'ny zava-dehibe izay efa nataon'ny Tompo tamiko, ka hanambarako ny heriny sy ny fahefàny? Nafahany niala avy ao amin'ny fanjakan'ny maizina aho, mba hiditra ao amin'ny fanjakan'ny Zanaka malala, tamin'ny alalan'ny fitiavany, izay efa nisolo heloka ahy, tamin'ny alalan'ny rany ary namela ny heloko.

Nalahelo mafy aho, satria fantatro fa Satana dia tsy hamela ny tanora vao avy niova fo, hijoro vavolombelona amin'ireo manodidina azy na oviana na oviana. Indrindra moa fa ireo izay efa nanompo azy sy nanao ny asany teo aloha, dia sakanany amin'ny fomba rehetra ny tsy hijoroany vavolombelona. Tsaroako fa ny Tompo dia efa nandidy ahy hijoro vavolombelon'izay nataony tamiko, saingy indrisy fa voasakana sy nolavina tsy hanao izany aho. Angamba hoy aho, mbola tsy fotoanany angamba izany.Araka izany, nanapa-kevitra aho ny tsy hiteny intsony na amin'iza na amin'iza ny zavatra nataon'ny Tompo, ary nanapa-kevitra aho fa hiandry fotoana hafa. Ny zavatra masaka tato an-tsaiko dia ny hanao affaires varotra niarahana tamin'ny namana, tany Togo. Dia nividy entana 160 000 naira tany aho.

Nampiasa vola avy aty amiko aho 70 000 naira, ary nisambotra tamin'ireo mpiara-miasa 90 000 naira. Ny santionan'ireo entana izay nofidiako dia dentelles, fanafody indrindra ny antibiotika, fanindromana, thermometre… Voatanan'ny douane teo amin'ny sisin-tanin'I Nigéria anefa izahay.Taoriana kely dia notakian'izy ireo tsolotra izahay, saingy tsy nety nanao izany, dia nogiazan'izy ireo ny entana rehetra, ary isan'izany ihany koa ny an'ireo telolahy mpiara-miombon'antoka amiko. Afaka volana vitsivitsy, dia naverina ny entan'izy telolahy, fa ny ahy irery no tsy mba nomena ahy fa notazomin-dry zareo. Notakiana vola 40 000 naira aho rahate hahazo ny entako, nefa raha handoa an'izany aho vao miha-koa fatiantoka. Dia naleoko very entana toy izay mbola hidi-kizo amin'izany.Ireo olona izay nampisambotra vola ahy kosa dia nanenjika ahy nony avy eo. Ny sasany niantso Polisy, ny hafa ihany koa nampiakatra Tribonaly, ary nandrahona ny hamono mihitsy. Ny hany vaha-olana dia ny nanakatonana ny compte-ko any amin'ny banky, ary niezaka namerina ny volan'olona izay nosamboriko. Noho ny fahasoavan'Andriamanitra, dia afaka namerina ny trosa erhetra aho, afa-tsy ny 1000 naira izay an'ny tompon-trano tao Lagos.

Potika tanteraka ny fiainako sady bankiropotra, ka na dia ny saran-dalana handehanana bus aza dia voatery nosamborina. Lasa aho mba nanatona ireo kristiana izay fantatro, mba hahitako na afaka hanampy ahy indray hanarina ny fiainako izy ireo na tsia. Sady tsy eny no valiny na tsia, fa niangaviana aho hiverina indray ny ampitso, ary ampitso lava, mandra-paha-reraka ahy, ka tsy nahafahako niverina intsony. Tena sadaikatra aho, ary tsy hitako intsony hoe hitodika amin'iza moa aho eo amin'ny fiainana.Izaho tsy nahalala ny Tenin'Andriamanitra. Namaky ny Baiboly aho, saingy tsy nisy fantatro fa nafangaroko avokoa izy rehetra.

Raha mbola nieritreritra izay tokony hatao aho, dia nahazo antso an-telefona maika avy any an-tanàna. Nihazakazaka ho any amiko aho nijery ny zava-misy, hay ilay trano kely izay mba nataoko dia efa nopotehin'ny dadatoako. Tonga teo ihany koa izy ary nandrahona ahy

hovonoina.Tena fihantsiana ahy izany, satria fony izaho mbola mpikambana tao amin'ny fikambanana miafina dia natahotra ahy izy ary nandohalika teo anatrehako. Fa fantany ankehitriny fa niova aho (tsy fantatro izay nahalalany izany), dia izy indray izany izao no mandrahona ahy. Niantso ny Tompo aho ary niteny taminy nanao hoe: "Namonjy ahy ve Hianao mba hahatonga ahy hihorohoro sahala amin'izao ka hifalian'ny fahavaloko?" Dia nitomany aho ary nanapa-kevitra hiverina indray any amin'ny fikambanana miafina nisy ahy teo aloha. Fara-faharatsiny mba ho afaka amin'izao fisavorovoroana izao aho sady afaka ihany koa hanome lesona ny dadatoako, ary mba tsy hohadinoany izany amin'ny fiainany manontolo.

Na dia nandray izany fanapahan-kevitra izany aza aho, tao anatiko kosa nisy tahotra lehibe anankiroa:

1) Tamin'ny fotoanan'ny fiovam-poko, dia efa niteny tamiko ny Tompo nanao hoe : "Izao no fara-fiala-nenina aminao". Raha hiverina any amin'ny Fikambanana miafina aho, ny dikan'izany dia fahafatesana. Tsy ny fahafatesana ara-nofo ihany, fa fahafatesana ara-panahy ihany koa.

2) Raha hijanona miaraka amin'ny Tompo aho, dia horahonan'ny dadatoako ho faty. Tao anatin'ny adin-tsaina lalina aho ary tena nila famonjena.Tsy nahalala ny Tenin'Andriamanitra aho, ary tsy haiko izay lazain'ny Soratra Masina mahakasika ny olana nahazo ahy.

Ry mpamaky malala, fantatrareo tsara fa matoa aho tao anatin'izany adin-tsaina lalina sy fahasahiranana izany, dia satria tsy nisy fanaraha-maso sy fampaherezana natao ahy, raha vao niova fo aho. Dikan'izany, mila tomorina akaiky ny olona vao avy nandray an'I Jesosy, ary ny kristiana dia tokony hanao izany ho zava-dehibe. Raha fantatrareo fa tsy afaka hanakaiky ny olona vao avy niova fo ianareo, dia miangavy anareo aho, aza mitaona olona akory na hijoro vavolombelona. Nomarihin'I Jesosy in-telo tamin'I Petera izany toe-javatra izany:"Simona zanak'I Jaona; moa ny fitiavanao mihoatra ny fitiavan'ireto? "ANDRASO ARY NY ONDRIKO".Betsaka amin'ny ireo vao avy niova fo no miverin-dalana satria tsy nisy izay fanohanana natao azy izany. Raha tia an'I Jesosy ianareo, karakarao ny ondriny.

### Ny ady tamin'ireo miaramilan'I Satana

Nandritr'ireo fotoana ireo, ireo miaramilan'ny mpanjakavavin'ny morontsiraka dia nampahory ahy mafy. Nanonofy ratsy matetika aho. Tamin'ny 1 Mai 1985, iray volana taorian'ny fiovam-poko, raha teo amin'ny roa ora maraina teo ho eo, raha mbola natory ny olona rehetra, dia notairin'ireo olon'I Satana ireo aho. Nandidy ahy izy mba hivoaka ny trano. Nivoaka aho ary nanaraka ahy izy ireo. Izany rehetra izany dia tahaka ny hoe nofy, nefa zavatra tena nisy. Dia nandeha teny amin'ny fasana (Cimetiere) teo akakin'ny Fiangonana anglikana tao Saint Paul, tao Port Harcourt izahay. Rehefa tonga teo, dia izao no nolazain'izy ireo: "Tsy maintsy miverina miaraka aminay ianao, fa raha tsy izany dia ho vonoinay na ataonay fadiranovana". Rehefa avy niteny izany izy ireo dia lasa nandeha.Dia nahatsiaro tena tanteraka aho, ary nanontany tena hoe, fa inona no ataoko aty amin'ny fasana, amin'ny alina be toy izao. Dia niverina tany an-trano aho. Dia nanontany ahy ny Nenitoako hoe fa avy aiza aho. Tsy niteny taminy na inona aho, fa lasa aho niverina natory. Ireo miaramilan'I Satana ireo dia rafitra nanafika ahy isaky ny tolakandro. Matetika dia mamely ahy izy ireo raha izaho mizotra eny an-dalana iny. Izay rehetra mahita ahy dia mahatsikaritra fa miady amin-javatra tsy hita maso aho, na ihany koa mihazakazaka mandositra tahaka ny misy manenjika. IZAHO IRERY NO MAHITA IZANY; In'efatra izy ireo no nanao izany, dia farany nijanona.

Dia avy indray ilay mpanjakavavin'ny morontsiraka nisolo azy ireo. Ny andro voalohany dia nandeha fiara izy ary nijanona teo akakin'ny tranonay. Nanao akanjo raitra dia raitra izy, ary tsara tarehy foana no fijery azy. Izay rehetra nahita dia nihevitra fa namako izy.Raha vao niditra ny trano aho, dia fantatro fa izy io. Tamin'ny roa ambin'ny folo antoandro izy no tonga, ilay fotoana mangingina iny. Nipetraka izy dia izao no nolazainy: "Afaka mandeha any am-piangonanao ianao ary mino izay tianao hinoana. Fa ny zavatra angatahiko aminao dia ny tsy hilaza na

inona na inona ny momba ahy sy ny fisiako. Raha manaiky ianao, dia omeko izay zavatra rehetra ilainao eo amin'ny fiainana".Tsy nahafantatra ny Soratra Masina aho. Nionona fotsiny nihaino azy niteny aho. Niangavy ahy fatratra izy sy naka fanahy ahy mba hiverina hiaraka aminy. Tsy namaly azy aho  na eny na tsia. Nitsangana izy, dia niditra tao anaty fiarany ary lasa nandeha. Ny Nenitoako dia niresaka taminy indroa, fa tsy nahalala velively hoe iza moa izy, izaho koa tsy nilaza taminy mihitsy ny momba azy.

Tamin'ny famangiana ahy farany dia nanova tetika izy. Tamin'ity indray mitoraka ity, dia nampitandrina ahy mafy dia mafy izy.  Nilaza izy fa nandritry ny fahatongavany taty amiko dia niezaka ny nandresy lahatra ahy, nefa izaho mafy loha, koa dia izao no ahatongavako farany aty, hoy izy.  Raha mbola mitohy manda ihany aho, dia hiverina izy amin'ny volana Aout, ka na izy hamono ahy, na hanapotika ny tarehiko izy, na hanao ahy ho fadiranovana. Dia lasa izy rehefa avy niteny izany. Dia natahotra mafy aho, ary nandeha tany am-piangonana, niantso rahalahy iray nitantarako ny olana nahazo ahy, sy izay zavatra hitako tamin'ny mpivavaka sasany ao am-piangonana. Dia nanome adiresy ahy io rahalahy io:"Mandehana ianao ao amin'ny biraon'ny SCRIPTURE UNION (S.U), any no ahitanao fanampiana".Tiako ny manamarika fa izay no nahitako farany an'io rahalahy io. Nalaiko ny adiresy, dia tonga tao amin'io Birao io aho ny ampitson'iny ihany. Dia nihaona tamin'ny sekretera aho, izay nanome ahy ny programa rehetra mandritry ny telo volana, amin'ny zavatra atao rehetra ao amin'io toerana io.Ny Alahady manarak'io aho dia namonjy ny fivorian'izy ireo tao amin'ny SEKOLY St Michel tao Rumuomasi. Tonga tamin'ny 2 ora aho, fa tsy nahalala  hoe ny fivoriana anie ka manomboka amin'ny telo ora. Dia nihaona tamin'ireo mpikambana tao aho ary dia niara-nivavaka taminy. Tamin'io andro io, taorian'ny fotoavam-bavaka, dia fantatro fa ao no toerana marina ifaharako.

Nampifanenan'Andriamanitra tamiko teny an-dalana ny vehivavy kristiana iray, izay noheveriko ho tahaka ny reniko mihitsy. Tamin'ny fony rehetra no nanazavany ny Tenin'Andriamanitra sy nanoroany hevitra ahy. NY RAHALAHY SY ANABAVY IHANY KOA DIA TENA NIHEVITRA NY AMIKO SY NANAMPY AHY FATRATRA; Dia nahatsiaro fitiavana feno aho. Nanomboka nahafantatra ny hevitry ny Tenin'Andriamanitra aho teo ambany fitarihan'ny Fanahy Masina, ary dia nitombo ny finoako. Dia nanomboka nahatsiaro aho ny tsiron'izany fiainana kristiana. Tonga ny volana Aout, saingy tsy nandalo ilay mpanjakavavin'ny morontsiraka, araka izay nandrahonany ahy. Tanteraka teo amiko izay voalazan'ny Salam 91. Tahaka izany ihany koa ny Isaia 54:17:"Ny fiadiana rehetra izay noforonina hamelezana anao dia tsy hisy ambinina, ary ny lela rehetra izay miady aminao dia ho resenao lahatra, izany no lovan'ny mpanompon'I Jehovah sy fahamarinany avy amiko, hoy Jehovah".

Tamin,'ny volana Septambra 1985, dia voasoratra anarana aho hiasa ao amin'ny mpivarotra Ciment tao Silver Brand tao Lagos. Rehefa tonga tao anefa aho ny 27 Septambara hanomboka ny asako, dia hay efa nisy olona hafa nomena ilay asa tokony ho nataoko. Dia niteny tamiko ny tompon'andraikitra mba hiverinany ampitso hihaona amin'ny Directeur general.. Raha izaho niverina tany an'efitranoko iny, nandalo ny lalan-tsara, no injay nisy olona nanakenda ahy avy ao aoriana, nanampina ny vavako sy ny oroko, hanempotra ahy. Niady mafy mba tsy ho faty aho. Ny olona nahita ahy dia nijery ahy fotsiny. Fa ny Tompo kosa no avy namomjy ahy. Nandritry ny fanoherana nataoko, dia naheno feom-behivavy nihiaka aho, sady nanosika ahy no niteny hoe:"Iza io olona aoriananao io?" Naveriny in-droa io teny io dia lasa izy nandeha. Fantatro fotsiny hoe vehivavy ilay feo fa tsy haiko na hoe iza na iza. Fanina aho, ary nivembena nandeha, niditra ny efitranoko. Rehefa tonga aho, mbola nitsena ahy koa ny tompon-trano, sady tezitra dia tezitra no niteny hoe :"Nahoana ianao no nitsoaka tsy nandoa ny hofan-tranoko?" Dia niangavy azy aho mba hihaino ny fanazavako, ary nilaza taminy fa mbola tsy miasa anie aho e, ary haloako ny volany raha vao mahazo aho. Dia nanaiky izy ary mihevitra aho fa nilamina ny momba izany.Ny ampitso dia niverina tao amin'ilay toeram-piasana aho nihaona tamin'ny Directeur général. Dia niala tsiny tamiko izy noho ny nanomezany  ilay asa hoan'ny olon-kafa.  Raha mbola niteny izy dia nisy tovolahy niditra

ary niteny hoe : « Tsy Emmanuel ve ianao ? ». Eny, hoy aho. « Azonay amin'izay ianao izao. Tsy mitsahatra ny mandositra ve ianao ? Tonga tao Port Harcourt matetika izahay, fa ianao miaraka amin'iny vehivavy izay voalaza fa ray aman-dreninao ara-panahy iny. Tena vato mahatafintohina anay iny vehivavy iny. Izao ianao tonga aty Lagos, ary anay ianao izao. Tsy afaka hiverina intsony any Port Hrcourt ianao. Raha tsy fantartrao, izaho no naka ny toerana tokony hisy anao eto amin'ny toeram-piasana. Namaly kosa anefa aho tamim-pahasahiana nanao hoe : « Tsy hahavita na inona na inona ianao ». Gaga ilay Directeur nanaolona izany rehetra izany. Niala tsiny aho, ary niverina nody tany an-trano.

Minitra vitsy taorian'izay, naheno olona nandondona tao am-baravarana aho. Hay Ninna no tao, dia niditra izy. Dia nanontany ahy izy raha hiverina any Port Hrcourt aho. Dia namaly aho hoe « eny ». Dianiangavy ahy fatratra izy mba hiverina miaraka amin-dry zareo ary nilaza izy fa ny andraikitra notazoniko dia mbola tsy nomena olon-kafa.. Ireto avy izany :

- Nofanina aho mba hitarika ny miaramilan'iSatana
- Nofanina mba hiandraikitra ny « Efitrano fanaraha-maso any ambanin'ny ranomasina », izay hahafahana manaraka izay zava-mitranga rehetra eny ambonin'ny tany, ahafahana mandray sy mandefa ny fanairana rehetra raha misy ny ilàna izany, mibaiko ny vonji-taitra rehetra., sns…
- Nofanina ihany koa hanampy ny mpanjakavavin'ny ranomasina, amin'ny fombafomba rehetra atao sy ny fanatitra, ny fanatanterahana ny iraka manokana ampanaoviny ahy, sy amin'ny zavatra maro
- Nofanina ihany koa, tamin'ny alalan'ny fanampian'ny herin'ny maizina, mba hanangana fikambanana miafina hafa, raha ety ivelany dia toa tsy misy atahorana, afaka hitarika tanora maro, sy olona maro izay efa mankany am-piangonana.
- Dia niteny tamiko izy fa raha manaraka azy aho, dia hahazo valisoa avo roa heny sy fahasoavana be dia be. Dia niaiky izy, fa izy ireo no tompon'andraikitra tamin'ny fihazonana sy ny fangalarana ny entako rehetra, ary izy ihany koa no nanoro hevitra ny dadatoako hanapotika ny tranoko sy handrahona ahy ho faty. Raha mbola manda aho tsy hanaraka azy, dia mbola hanao zavatra hafa maro amiko izy ireo mba tsy hahombiazako intsony amin'izay zavatra ataoko. Dia nanomboka nanafika ihany koa izy ireo ny reniko ara-panahy. Rehefa azonay izy, dia ho azonay koa ianao, hoy Ninna. Ho valin'izany, dia nanomboka niteny kosa taminy aho ny Tenin'Andriamanitra. Dia nitsangana izy sady niteny hoe: "Tena voafitaka ianao". Dia lasa izy nandeha. Tamin'ny 28 Septambra 1985 no niseho izany zavatra izany.15 minitra taorian'ny nandehanany dia mbola nisy nandondona indray tao am-baravarana. Tamin'ity indray, dia lehilahy efa-dahy no niatrana teo am-baravarana. Nibaiko ahy izy ireo mba hanaraka azy aho. Dia nanaiky aho ary nanaraka azy ireo tany ivelany. Rehefa nandeha kelikely izahay, dia niteny ny iray tamin'izy ireo: "Fantatrao ve izahay?" Dia namaly aho hoe "Tsia". Dia nanohy niteny izy hoe: "Nirahin'ny tompo-tranonao izahay hamono anao"

Rehefa niteny io izy, ny iray nanambana basy ahy, ny iray hafa nanambana antsy. Nahatsiaro tena aho fa tsy manana fiarovana, ary hamono ahy mihitsy ry zareo, fa Andriamanitra kosa, tamin'ny fomba tsy takatry ny saina, izay nahagaga anay rehetra, na izaho, na ry zareo. Ilay nitondra basy dia nitifitra, saingy tsy nipoaka sady tsy nisy na inona na inona nivoaka tao amin'ny vava-basy, ilay nitondra ny antsy koa dia nanindrona ahy tao amin'ny lamosiko, fa tsy tafiditra tany anatiko ny lelan'antsy. Natahotra dia natahotra izy ireo, tahaka ahy koa, tonga tamiko ny Fanahy Masina, ary dia nanomboka niteny tamin'izy ireo ny sitrapon'Andriamanitra aho. Ny telo tamin'izy ireo dia nandositra, fa ny iray kosa niankohoka sy nitomany ary niangavy ahy mba hivavaka ho azy. Tsy tena mbola nahay nivavaka aho, fa ireto teny ireto no tonga teo am-bavako:"Tompo o, mamindra fo aminy, adinoy ny fahadisoana vitany ary mamelà ny helony".Dia nanolotra ny fiainany hoan'I Kristy izy, ary

nitarika azy ho any amin'ny Fiangonana akaiky indrindra aho. Dia nohazavaiko tamin'ilay mpitandrina ny zava-nisy, ary dia napetrako taminy ny fiahiana azy, dia lasa aho.
Rehefa niverina tany an-trano aho dia nitsena ahy ny tompon-tranoko, dia nianjera izy sady nandohalika teo anatrehako no niteny hoe: "Miangavy anao aho, mamelà ny heloko, satria,izaho nihevitra fa nandeha nandositra tany Port Hancourt ianao tamin'ilay vola 1000 naira. Dia namela ny helony aho, ary dia nifanaraka izahay fa haloako isa m-bolana ny azy.

Ny alin'io ihany, namoha ahy tamin'ny roa maraina ny Tompo. Tsy fantatro hoe, nahoana moa aho no taitra, nandeha tao amin'ny salon aho ary nahita sokatra ngezabe anankiray, izay nitodika tany amiko. Dia nahatsiaro aho ny fampianarana Soratra Masina izay natrehiko tany Port Harcourt ny amin'ny Herin'ny Tenin'Andriamanitra. Dia niteny aho anao hoe:"Ry sokatra, hatramin'ny nahaterahako, ny sokatra dia monina any anaty bozaka sy any ambanivohitra, ary any anaty ranomasina. Fa ianao izao miditra ato an-tranoko izao, nefa ny varavaram-be sy ny varavarakely dia mihidy, nanao fahadisoana lehibe ianao, tsy maintsy maty ianao noho izany. Raha vao niteny izany aho, dia nanjavona ilay sokatra. Nandritry ny dia tany Lagos, tena nahita aho ny fahatsarana, ny fahalebiazana ary ny fahatokiana eo amin'Andriamanitra. Ny ampitso maraina, 29 septambra 1985, dia nandray fiara ho any Port Harcourt aho. Rehefa tonga tao Ore, nidona tamin'ny hazo ny fiara nandehananay, simba ilay fiara, fa izahay kosa tsy nisy naninona.Dia nandeha indray ny fiara rehefa avy eo, saingy nitsiraingiraingy sy nivilavila eran'ny lalana. Dia nahatsiaro aho ny fandrahonan'i Ninna. Nitsangana aho tao anatin'ilay fiara, nitoriteny tamin'ny mpandeha, ary nofaranako tamin'izao teny izao:"Noho izaho no nahatongavan'izao loza izao. Fa manomboka amin'izao fotoana izao kosa, mandra-pahatongantsika any Port Harcourt dia tsy hisy loza na fahasimbana intsony, amin'ny anaran'i Jesosy". Dia nipetraka aho avy eo, sady nieritreritra ny zavatra nolazaiko. Dia tanteraka tokoa anefa ny teniko, tsy nisy zavatra nitranga intsony nandra-pahatonga tany amin'izay naleha. Marina tokoa ny voalazan'ny mpaminany Isaia hoe:"Na dia misy miara-mioko aza, dia tsy avy amiko izany, ary na iza na iza miara-mioko hamely anao, dia tonga hiandany aminao kosa" (Isaia 54:15). Nikasa hamely ahy izy ireo, saingy tsy avy amin'i Jehovah izany, dia tsy nahomby izy ireo.

## NY ASA RATSIN'NY MIARAMILAN'i SATANA

Tsy feno ity fijoroana vavolombelona ity raha aharihary ampahibemaso ny asan'i Satana. Tsara ny manpahafantra ny fomba sy ny tetik'i Satana mba hahafahana miady aminy. Ny devoly diamanao izay hampino ny olona fa tsy misy izy fa anganongano izany na eritreritra fotsiny ao anaty. Ny zavatra tiany ihany koa dia ny hampisehoany ny heriny sy hifantohan'ny olona amin'ny fieritreretana azy, fa tsy amin'ny HERIN'ANDRIAMANITRA.Nomarihiko tao amin'ny fijoroana vavolombelona izay nataoko, fa ireny herin'ny maizina ireny dia miasa any am-piangonana, eny an-tsena, any amin'ny fasana, any anaty ala, any amin'ny hotely, any amin'ny ranomasina ary ezny amin'ny rivotra.

### Any am-piangonana

Be dia be ny olona misy devoly na possedés any am-piangonana. Ny sasany amin'izy ireny dia miteny amin'ny fiteny tsy fantatra sy maminany. Ireo izay manana ny Fanahin'Andriamanitra ihany no afaka manavaka azy ireo. Ny tianay ambara amin'izany dia ireo olon'i SATANA tafiditra ao am-piangonana, fa tsy sanatria mikendry anaram-piangonana na olon'ny Fiangonana manana fanomezam-pahasoavana voalaza ery aloha. Ny sasany amin'ireny olon'i Satana ireny aza dia mpitondra fivavahana mihitsy. Fantatray fa tena misy any amin'ny Fiangonana izy ireny. Tonga any izy ireny mba:hampiady ny ao am-piangonana,hanapotika ny Fiangonana,mampatory ny mpiangona mandritry ny fanompoampivavahana, misarika ny saina amin'ny zavatra hafa mandritry ny fotoam-bavaka,mambabo fanahy ho an'i Satana.

Tahaka izay efa nijoroako vavolombelona, ny kristiana tsirairay dia tokony hiorina tsara sy hanaraka ny Tenin'i Jesosy an-tsakany sy an-davany, fa raha tsy izany, dia ho tafintohina izy ireo ary ho lavo tanteraka.

Ny kristiana dia afaka tanteraka noho ny amin'i Kristy ary entiny amin'ny mazava mamirapiratra. Esorina hiala tanteraka amin'izao tontolo izao ny kristiana. Izany no mahatonga ny Soratra Masina hiteny hoe: “Mivoaha ao aminy hianareo, ka miala aminy”.

Izao no tantaran'ny rahavavy J.(nafeniko ny anarany). Efa olombaovao Izy ary mpikambana feno ao amin'ny fiangonam-pifohazana iray. Taty aoriana izy dia nifindra tamin'ny fiangonana nisy ahy. Mandray anjara mavitrika amin'ny asa ao am-piangonana izy.Kanefa, nisy fotoana lasa hafahafa ny fahitana azy, ary maromaro izahay no nanapa-kevitra ho any aminy hizaha izay mitranga amin'ny fiainany. Tamin'ny fotoana nanontanianay azy, ny fanahy ratsy izay tao aminy dia nanomboka nitroatra ary nilaza fa izy dia irak'I Satana ao am-piangonana. Noroahina ny devoly taminy ary dia afaka izy. Napetrakay taminy izao fanontaniana izao: Ry rahavavy, ahoana no hoe irak'I Satana ianao kanefa mpikambana feno ao amin'ny fiangonana? Izao no nambarany: “Indray alahady no niandoha ny tantara, nisy rahavavy iray izay noheveriko fa mpino nanantona ahy, naniry ny hifandray amiko izy fa mahaliana azy hono ny fiainako ara-panahy. Nekeko tsisy ahiahy ny ho namany. Niara-nody tany an-trano izahay ary ity atao hoe rahavavy ity dia nividy akondro sy voanjo ka niarahanay nihinana. Nijanona kely tao amiko izy dia lasa avy eo. Tonga namangy ahy matetika izy nitondra fanomezana hatrany: akanjo, kiraro, vola sns… Taty aoriana, tonga miaraka amin'ny tovovavy maro hafa izy ary nitohy hatrany izany. Rehefa tsapan'io rahavavy io fa maty ny hazavan'I Kristy tato amiko dia niova izy ary nanomboka namangy ahy amin'ny endrika fanahy. Nomeny fitafy mena aho, karazana vato, peratra ho an'ny ankihiben-tongotro ankavanana, rojo ho an'ny tongotra. Satria efa naira-nihinana taminy foana aho, efa nandray ny fanomezany rehetra dia tsy afaka nandà na nisaraka taminy intsony. Nanao fanekena taminy aho ary nanomboka nanatrika ny fivoriany. Avy eo dia nahavita nivadika ho bibilava aho, nivadika ho ramanavy, sns…Ary dia tonga irany aho mba hitaona ny fanahin'olona ao am-piangonana.”

Deraina anie Andriamanitra, afaka izy ankehitriny. Ireo fanomezana rehetra noraisiny dia efa nodorana avokoa ary efa tafaverina sambatra ao amin'ny Tompo izy. Ry mpamaky, ny fiandohany dia tamin'ny finamanana tsy mahazatra satria ity rahavavy J ity dia tsy ampy fandinihana, tsy niambina araka ny nandindian'ny Tompo: “Miambena ary mivavaha mba tsy hidiranareo amin'ny fakam-panahy.” Very izy ary latsaka teo an-tanan'ny fahavalo. Mety ho niafara tany amin'ny afobe ny fihazakazahany noho ny tsy fitandremany. Azonao atao tsara ny mamantatra ireny irak'I satana ireny amin'ny alalan'ireto zavatra ireto: misy peratra ny ankihiben-tongony, misy rojo eo amin'ny kitrokeliny na kavina eo amin'ny orona na rojo tsy mahazatra eo amin'ny tanana, miditra ho isan'ny fiangonana izy na ho isan'ny vondrom-bavaka ary dia mavitrika amin'ny fandraisana anjara, izany dia noho ny kristiana iray izay mahaliana azy. Ny sasany hafahafa fihetsika sy toetra,ary ny hafa masiaka, sns… Izany no antony tokony hivavahan'ny zanak'Andriamanitra mba hanana fanahy mahay mandinika ahafahana manavaka ireny irak'I satana ireny ao anatin'ny indray mipi-maso. Raha vao fantany fa fantatrao izy dia ataony izay tsy hanantonana anao satria ny mpaniraka azy dia efa nampitandrina azy ny amin'izany.

**Eny an-tsena:**

Miseho @ endrika maro izy eny an-tsena. Ny tsena dia iray @ ireo toeram-piasan'ny irak'I satana, tahaka ny any @ hotely izay hisintonany ny lehilahy. Eny an-tsena, safidiany ireo hazany, ohatra ny vehivavy bevohoka izay ataony afa-jaza mba ahazoany ny ràn'ny zaza ho an'ny fitehirizan-dràny. Ireo hazany sasany dia arahiny hatrany an-trano mba hiverenany hamangy azy @ alina. Izany dia tonga @ ireo tsy mino. Ireo haingo sasany vidina eny an-tsena toy ny vakana, lokomena, ranomanitra, na karazan-tsakafo sasan-tsasany toy ny sardines antsoina hoe "reines de la côte" izay mampiahiahy ny fiaviany. Ireto ary misy zavatra maromaro tokony hahamalina ny kristiana : mety misy vehivavy na lehilahy mikitika anao tampoka eo @ hitsin'ny vavony na toeran-kafa @ vatana. Tokony ho fantatrao fa ny tanjony dia ny hanao ratsy anao : hahafa-jaza, hampiditra karazan-javatra @ vatanao, na hampaharary anao. Raha mitranga @ kristiana izany dia mila manonona tenim-pahefana @ anaran'I Jesosy eo noho eo handevona, handrava ny drafitry ny devoly. Minoa fa izay ravana na fatorana ety an-tany dia ho rava sy ho voafatotra tokoa.

**Ny asan'ny hetsika ara-koltoraly**

Tsara ho marihina ihany koa fa maro ireo olona manomboka manao ny asan'I satana ary lasa andevony @ alalan'ireny hetsika ara-koltoraly sy dihy ireny. Betsaka @ ireny hetsika ireny no idiran'i satana. Ny olona sasany dia voatariky ny namana, ny sasany namaky "brochure", ny sasany "romans". Ny devoly dia manakaiky hatrany izay zavatra indraindraina ary miasa @ alalan'ny fanompoan-tsampy (Zak 10:2). Ny fanompoan-tsampy dia endrika fivavahana izay hanomezana hery miafina ny zavatra ety an-tany ary hanaovana fanompoam-pivavahana ho an'io zavatra noforonina io (Rom 1:18-22). Araka ny voasoratra, ny fanompoan-tsampy dia fijangajangana ara-panahy (Jer 3:8-10).

Noho izany ny zanak'Andriamanitra dia tsy tokony hisy fifandraisana @ fanompoan-tsampy, na mivantana, na ankolaka. Ny fiainana be rendrarendra, ny fanatanterahana fomba hafahafa tsy dia mazava sy feno mistery, ny mozika disco dia anisan'ny idiran'i satana sy ny devoly. Talohan'ny namonjen'ny Tompo ahy, tadidiko satana niteny nandritra ny fivorianay iray nanao hoe : "ahy izao tontolo izao, izaho no manjaka eto. Amin'ny fahefako, simbaiko avokoa ireo mino ny anaran'ilay Marina (satana tsy manonona ny anaran'I Jesosy, ary raha misy manonona izany eo anatrehany dia mety hahafaty azy izany). Mampanantena anareo aho fa ataoko irako ianareo, ataoko governora, sns. (satana ny tena marina dia mpandainga sy rain'ny lainga).
Maro ihany koa ireo drafitra natao mba hampanginana ny kristiana ao Nigeria @ alalan'ny famerana ny fanafarana baiboly sy boky kristiana. Satana dia miasa @ alalan'ny tsy mpino eo anivon'ny fitondrana izay manam-pahefana mba hametrahana politika sy fandaharan'asa manohitra ny kristiana. Manangana tobim-pitsaboana miseho @ endrika tena fivavahana marina izy, ary ampiasainy hahazoana fanahy izany. Ireo toby ireo @ ankapobeny dia antsoina hoe : "MAISONS SPIRITUELLES DE GUERISON" ary maro ny manodidina antsika. Ao no ahitana tranga hafakely saingy feno lainga mba hamitahana ny olona. Fantatr'i satana tsara ny mbola hiverenan'i Kristy ka izany no hanosehany hatrany ireo irany mba hihetsika hiasa haingana @ asa ampanaovina azy. Hoy foana izy : "tsy manana fotoana intsony isika".

## NY FIADIANA HO AN'MPINO:

Ny anaran'I Jesosy, ny ràn'I Jesosy, ny Tenin'Andriamanitra, ny fiderana.

"Farany, mahereza ao amin'ny Tompo sy amin'ny herin'ny faherezany. Tafio avokoa ny fiadian'Andriamanitra mba hahazoanareo hifahatra amin'ny fanangolen'ny devoly" Efe 6:10-11. "Ary izy ireo naharesy azy noho ny amin'ny ràn'ny zanak'ondry sy ny teny filazana Azy…"Apok 12:11

Efa nolazaiko imbetsaka izany teo aloha fa mbola hitanisa ohatra vitsivitsy aho. Miangavy aho, fantaro tsara fa mahery ny anaran'I Jesosy. Ny ràn'I Jesosy dia mahery. Hoy ny soratra masina "Ary rehefa hita fa nanan-tarehy ho olona izy, dia nanetry tena ka nanaiky hatramin'ny fahafatesana, dia ilay fahafatesana tamin'ny hazofijaliana. Koa izany no nanandratan'Andriamanitra Azy indrindra sy nanomezany Azy ny anarana izay ambony noho ny anarana rehetran mba ho amin'ny anaran'I Jesosy no handohalehan'ny lohalika rehetra, n any any ambanin'ny tany sy haneken'ny lela rehetra fa Jesosy Kristy no Tompo ho voninahitr'Andriamanitra Ray" Fil 2: 8-11

Aoka ho eo amin'ny lelanao mandrakariva ny anaran'I Jesosy. Ny anarana sy ny ràn'I Jesosy dia mandrava ny planin'I satana sy manapotika tanteraka ny tetik'adin'ny satana sy ny miaramilany. Manaraka izany, mila mianatra hira fiderana an'Andriamanitra.Fa mahery mandrakariva ny hira fiderana.

Indro ny tantaran'I Pasitera IK (nafeniko ny anarany). Izy dia mitandrina ao amin'ny Fiangonana Ebutte Metta. Nokendreko izy satria sahy nanao ireto zavatra ireto:

1) Nanakorontana ny fiadananay izy tamin'ny fiantsoany fivoriam-bavaka vao maraina mba handrenesana ny tenin'Andriamanitra.
2) Nandeha teny rehetra teny izy niaraka tamin'ny Mégaphone, hatreny amin'ny fiantsonan'ny bus laharana n°2 manaraka ny Akintola Road any Ebutte Metta.Nitory teny tamin'io toerana io izy. Tsy vitan'ny mitory teny ihany izy fa sady manafaka amin'ny asan'ny satana.
3) Mivavaka matetika izy
4) Mihira sy midera an'Andriamanitra mandritry ny andro izy

Nirahiko tany aminy ny irako fa tsy afaka namono azy. Noho izany, dia nanapakevitra aho hamita ny asa. Indray andro, hitako izy nandeha nanaraka ny lalam-baovao G.R.A. Tsara ny mampahafantatra ity zavatra iray ity mahakasika io pasitera io: isaky ny te-hanafika azy izahay dia mahita andri-rahona roa miaraka aminy na aiza na aiza, ny iray eo ankavia ary ny iray eo ankavanany izay misakana anay hanantona azy. Fa tamin'io andro io, tsy nahita na inona na inona aho ka nahatoky tanteraka fa hahomby ny asako. Nobaikoako ny orana hilatsaka mba hahafahako mandefa varatra aminy. Nanomboka nilatsaka ny orana ary narahin-kotroka. Nanomboka nilatsaka ny tahon'ny hazo manodidina rehetra fa nihira kosa io pasitera io ary feno fifaliana. Tsaroako foana ny hira nohirainy: **"Amin'ny anaran'I Jesosy no handohalehan'ny lohalika rehetra".** Raha mbola nanohy nihira io hira io izy dia nijanona ny orana ary nitsahatra ny kotoka, ary indro nisy anjely roa niseho, ny iray tamin'ny ankavanany ary ny iray tamin'ny ankaviany,izay nisy sabatra mamirapi ratra teny an-tanany. Ny masony sy ny sabany dia tahaka ny afo mandoro.Ary nisy rivotra mahery nitsoka mafy izay nitondra ahy ka tonga tany amin'ny tanàna hafa aho. Nifamahofaho be ihany aho nanoloana izany nefa noho ny hamafin'ny foko, ny hany voalazako dia ny hoe:"Mbola afaka teo anoloanay ihany iny olona iny".Tsy fantatr'io mpitandrina io akory ny ady ara-panahy izay niseho momba azy.**Arak'izany,afaka matoky ny zanak'Andriamanitra fa tena voaaro tokoa**. Hoy ny Soratra Masina:"….Tsy misy afaka hanao na inona na inona anareo" ary tena izany tokoa.

Ny fijoroana vavolombelona faharoa dia mahakasika kristiana iray izay niray bus tamiko. Nafana fo tokoa izy ary nanomboka nizara tenin'Andriamanitra tao anaty bus. Rehefa nanolotra izany tamiko izy dia nolaviko. Noho izany dia nitory teny tamiko izy. Nanomboka nanahirana ahy izy ka nokapohiko tamin'ny peratra teny amin'ny ratsan-tànako mba hamonoako azy. Nikiaka niantso ny "RAN'I JESOSY" izy, avy hatrany, indro nisy tselatra sy kotroka, ary nisy anjely nipoitra. Nisy rivotra mahery nanosika ahy hiala ny bus ary nitondra ahy tany amin'ny kirihitr'ala matevina. Raha tsy novonjen'ireo fahefan'ny maizina aho dia mery very tany anaty kirihitr'ala tany. Ny kristiana dia tsy nahalala akory ny ady izay nitranga noho ny aminy.Ny hany hitany sy ireo mpandeha hafa dia ny hoe: nanjavona tao anaty bus aho.

Ny anaran'I Jesosy na ny ràn'I Jesosy dia toy ny mampiloloatra afo eo ambavan'ny mpino iray**." Ny anaran'I Jehovah dia tilikambo mafy; ny marina miezaka ho ao aminy ka voavonjy" Oha 18:10**

Ry mpamaky, raha zanak'Andriamanitra ianao dia tsarovy fa Andriamanitra efa nanome voninahitra ny teniny ho ambonin'ny anarana rehetra.(Sal 138:2).Ekeo ny teniny,inoy fa izay lazainao dia tanteraka, dia ho tò tokoa izany. Izany no fampanantenan'Andriamanitra. Tiako averina fa tsy afaka mihaiky afa-tsy izay fantatrao ianao. Ny Soratra masina dia mamporisika antsika ho tia ny Tenin'Andriamanitra ary hisaintsaina azy na andro na alina. Mba hanarahana tsara ny fahamarinan'ny tenin'Andriamanitra dia mila mahafantatra Azy.**"Aoka ny tenin'I Kristy hitoetra betsaka ho aminareo amin'ny fahendrena rehetra" Kol 3:16**

Hoy ny ***Salamo 1:1-3 "Sambatra ny olona izay tsy mandeha eo amin'ny fisainan'ny ratsy fanahy. Ary tsy mijanona eo amin'ny làlana falehan'ny mpanota. Ary tsy mipetraka eo amin'ny fipetrahan'ny mpaniratsira; Fa ny lalàn'I Jehovah no sitrany; eny ny làlan'I Jehovah no saintsaininy andro aman'alina.Dia tahaka ny hazo ambolena eo amoron'ny rano velona izy, izay mamoa amin'ny fotoany, ny raviny koa tsy mba malazo; ary ny asany rehetra dia ataony lavorary avokoa."***

Aza misaraka amin'ny Tenin'Andriamanitra; mivavaha tsy mitsahatra; manana fo falifaly ary miorena tsara,ampiasao ny fahefana izay nomena anao tamin'ny anaran'I Jesosy Kristy**.**

## INONA ARY NO HATAO ANKEHITRINY:

"Ny Fanahy sy ny ampakarina manao hoe: Avia; ary aoka izay mahare hano hoe: Avia. Ary aoka izay mangetaheta; ary izay mety, aoka izy hisotro maimaimpoana amin'ny ranon'aina"Apok 22:17.

Rehefa avy namaky ity fijoroana vavolombelona ity ianao, dia tsy tokony mbola hisy hitory aminao indray vao hanapa-kevitra hanolotra ny fiainanao an'I Jesosy Kristy ianao. Hoy ny tenin'. Hoy ny tenin'Andriamanitra:" Ny mpangalatra tsy avy raha tsy hangalatra sy hamono ary handringana; Izaho avy mba hananany fiainana, sady hananany be dia be"Jao 10:10. Satana dia manankahala anao ary mitady ny fomba rehetra hahatonga anao any amin'ny helo miaraka aminy. Afaka manamarina izany ianao tamin'ny fijoroana vavolombelona voalazako. Raha manome toky anao izy na manolotra anao fanomezana, fantaro fa misy teti-dratsy. Satana dia mpandainga ary rain'ny lainga. Andriamanitra dia niantso azy hoe: FAHAVALONAREO.Koa nahoana isika no tsy hino an'Andriamanitra sy ny teniny? Tsy kisendrasendra no namakianao ity fijoroana vavolombelona ity. Mandiniha tena ary manana antoka fa efa ao amin'ny Tompo ianao.Mamita-tena ianao raha toa ka manapa-kevitra ny hijanona ho mpiangona tsotra fotsiny ihany, ary ny ratsy indrindra aza, raha toa ianao ka manapa-kevitra ny tsy hirahara. Ny fanapaha-kevitra izay raisinao dia hanan-d anja eo amin'ny fiainanao manontolo. Miangavy anao aho,raha tsy azonao antoka ny toerana misy anao eo anatrehan'ny Tompo, na ihany koa tsy azonao antoka fa ho any an-danitra ianao raha toa ka maty anio, manasa anao aho ataovy amin'ny fonao izao tonom-bavaka tsotra izao:

"Ry Jesosy Kristy Tompo, fantatro fa mpanota aho ary tsy afaka mamonjy ahy ireo asa soa vitako. Fantatro fa mendrika ahy ny helo saingy manenina aho noho ireo ratsy vitako koa mangataka famindrampo aminao aho. Noho ny finoana dia mandray anao aho ankehitriny ho Tompoko sy mpamonjy ahy, ary ilay hany fanantenako amin'ny famonjena ahy. Midira ato am-poko ankehitriny, ka vonjeo aho noho ny amin'ny teny fikasanao. Soraty ao amin'ny Bokin'ny fiainana ny anarako. Amin'ny anaranao no anaovako izany vavaka izany". Amena.

1) Ny fon'ny olona mihevitra tsara ny halehany; fa Jehovah ihany no mahalavorary ny diany"Oha 16:9
2) "Ary apetraho aminy ny fanahianareo rehetra fa Izy no miahy anareo" I Pet 5:7
3) "Ny mpangalatra tsy avy raha tsy hangalatra sy hamono ary handringana; Izaho avy mba hananany fiainana, sady hananany be dia be" Jao 10:10
4) "Mba ho amin'ny anaran'I Jesosy no handohalehan'ny lohalika rehetran n any any an-danitra, na ny ety an-tany, na ny any ambanin'ny tany" Fil 2:10
5) "…Ho foana ny fanjakana rehetra izay miady an-trano; ary tsy haharitra ny tanàna rehetra, na ny trano. Ary raha Satana no mamoaka an'I Satana, dia miady an-trano izy; ka ahoana no haharetan'ny fanjakany?" Mat 12: 25-26
6) "Ka dia maneke an'Andriamanitra hianareo; ary manohera ny ny devoly, dia handositra anareo izy" Jak 4:7



**Emmanuel Amos Eni**